# *Ny Tombokase Faharoa*

Manao ahoana, ry sakaiza. Ndao isika rehetra hitsangana vetivety fotsiny ho an'ny vavaka, raha sitrakareo.

2 Rainay any An-danitra, mivory indray ato amin'ity fiangonana feno haja ity izahay, izao hariva izao, ao amin'ny asan'ny Tompo. Ary Ianao no nampanantena fa na aiza na aiza hihaonanay miaraka, na roa na telo aminay, dia ho eo afovoanay Ianao. Ary afaka mahazo antoka izahay fa eto Ianao, satria mivory miaraka amin'Ny Anarany izahay.

3 Mivavaka izahay ankehitriny, Ray, mba—mba ho tonga Ianao izao hariva izao ka hamaha an'ity Tombokase Faharoa ity ho anay. Ary araka ny—ny nolazain'ilay poety, fa ho tiany ny hijery ny any ankoatran'ny lamban'efitry ny fotoana. Ary izany no fanirianay, Tompo, dia mba fotsiny—mba hijery fotsiny ny any ankoatra ka hahita izay mipetraka eo aloha. Ary mivavaka izahay mba ny Zanak'ondry izay efa voavono, no ho tonga eto anivonay ankehitriny ka hamaha an'ilay Tombokase, ary—ary hanambara Azy aminay, ireo zavatra izay ilainay ho hita.

4 Misy sasany eto, Tompo, izay tsy mbola niditra tao amin'ity fiombonana lehibe manodidina an'i Kristy ity. Mivavaka izahay mba, izao hariva izao, mba handraisan'izy ireo an'io fanapahankevitra Mandrakizay io, ho feno ny Fanahin'Andriamanitra.

5 Raha misy marary, Ray, dia mivavaka izahay mba Hanasitrananao azy ireo. Misy mosara maro mipetraka eto izay hametrahako ny tànako eo amboniny, ho fahatsiarovana ny—ny Baiboly, an'i Masindahy Paoly, izay nitondran'izy ireo mosara sy aron'akanjo avy teo amin'ny vatany. Niala tamin'ny olona ireo fanahy maloto, ary sitrana izy ireo.

6 Hitanay ilay Fihavian'ny Tompo akaiky. Fantatray fa manakaiky io ora io. Niverina tao amin'ilay Fiangonana indray ireo zavatra ireo, taorian'ny sivinjato sy arivo taona.

7 Mivavaka izahay ankehitriny, Ray, mba Hanekenao an'ireo zavatra izay angatahanay ireo. Atanjaho ny Mpanomponao, ary ampio ireo Mpanomponao hatraiza hatraiza, Tompo, ary indrindra izahay izay mivory eto izao hariva izao, mba ahafahanay mandray ny Teny. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

8 Tsara tokoa ny tafaverina ato an-tranon'ny Tompo indray izao hariva izao. Ary fantatro fa maro aminareo no mitsangana, izaho—miala tsiny aho ny amin'izany, saingy izao fotsiny no saiky zavatra betsaka izay mba azonay atao. Izahay—izahay dia nanao ny—ny fiangonana fotsiny mba . . . nanalehibe azy mba ahafahanay mampiditra telo na efatra, telonjato na efajato

amboniny. Fa amin'ny fivoriana manokana tahaka an'ity, ilay izy—mitondra vahoaka mihoatra kely kokoa ilay izy.

9 Ankehitriny, oh, manana fotoana iray mahafinaritra fotsiny aho, mivavaka, ary mianatra an'ireto—ireto Tombokase ireto. Mino aho fa ianareo rehetra, ihany koa. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izaho dia—azoko antoka fa izany ianareo. Ary raha midika betsaka ho anareo Izany tahaka Azy amiko, izany tokoa dia . . . manana fotoana iray mahafinaritra ianareo. Ary izaho dia manana ny . . .

10 Te-hiantso zazavavy iray sakaizako aho, aorian'ny fotoana. Ary izao no tsingerin-taona nahaterahany. Roa ambin'ny folo taona androany izy, Sarah, ny zanako vavy. Ary ny manaraka, avy eo, afaka ampitso, dia tsy maintsy hanao antso hafa iray aho, satria tsingerin-taona nahaterahan'i Becky izany.

11 Ary ankehitriny, izao hariva izao, dia mianatra an'ity Tombokase Faharoa ity isika. Ary ho an'ireo Tombokase efatra voalohany dia misy mpitaingina soavaly efatra. Ary teneniko aminareo, fa nisy zavatra nitranga indray androany. Ary, izaho—izaho, zavatra iray izay izaho . . . Nandeha aho ary naka an'ilay soratra tranainy izay nananako, izay noresahako, efa ela, ary nipetraka teo fotsiny. Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, izaho—nanao ny tena tsara indrindra izay vitako aho." Ary mpanoratra maro sy ny sisa, ka nieritreritra aho hoe, "Eny, hamaky kely vetivety aho, ka hijery ary hahita an'*ity* sy *itsy*." Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, dia misy zavatra iray nitranga fotsiny, ary samihafa daholo izany. Samihafa fotsiny no ahatongavan'izany. Noho izany dia mandramby penina iray haingana mihitsy aho, ary manomboka mandray naoty haingana arak'izay vitako, raha mbola teo Izy.

12 Oh, zavatra iray izay nitranga fotsiny izany teo amin'ny antsasak'adiny lasa teo izay. Niteny tamin-dRahalahy Wood aho, teo am-pahatongavana, minitra vitsy lasa fotsiny izay. Zavatra iray fotsiny, fantatrareo. Fantatrareo, misy zavatra betsaka mitranga, tsy azonareo resahana fotsiny, fantatrareo. Fa vao nisy zavatra niseho fotsiny izay nanampy ahy betsaka tokoa.

13 Manana sakaiza iray aho ato amin'ny tranobe any ho any. Mazava ho azy, sakaizako ianareo rehetra. Io—io rahalahy io dia Rahalahy Lee Vayle. Rahalahy iray sarobidy izy, ary tena mpianatra ny Soratra. Dr. Vayle dia Batista iray miaraka amin'ny Fanahy Masina. Ary izy dia . . . Tsy milaza an'izao ho fiderana aho, milaza an'izao fotsiny aho satria mino an'Izany. Heveriko fa izy no anankiray amin'ireo mpandinika lalina tsara indrindra izay fantatro, eo amin'ireo laharantsika. Ary nanoratra naoty kely iray ho ahy fotsiny izy eto, ary nandefa an'izany teto tamin'ny alàlan'i Billy. Ary zara i Billy raha nahavaky an'izany, ho ahy. Ary heveriko . . . Tsy niverenako novakiana ilay izy, fa saika hilaza fotsiny an'izay nolazainy eto

aho. Ary vao avy novakiako izany, Rahalahy Vayle, raha eto ianao. Vao avy novakiako ity teo amin'ny enim-bolana lasa izay.

14 "Tsy pozitifa aho," hoy izy. "Rahalahy Bill, tsy pozitifa aho, saingy mino aho fa Polycarpe dia mpianatra iray an'i Masindahy Jaona." Marina izany. Izany izy. "Heveriko fa Irenée dia mpianatra iray an'i—an'i Polycarpe." Marina izany, marina tokoa. "Hoy i Irenée hoe, 'Jesosy dia hiverina—hiverina rehefa miditra ilay mambra farany an'ny Vatan'i Kristy.'"

15 Irenée izany, teo amin'ny efajato taona tamin'ny... taorian'ny fahafatesan'i Kristy. Hoy izy hoe, "Rehefa tonga io taona farany io..." Ankehitriny, izany dia ao amin'ny—ny Pre-Nicaea Council. Ianareo olona eto, izay mamaky ny—ny...mianatra ny Soratra, ary mianatra ny...ny tiako lazaina, mianatra ny tantaran'ny Baiboly, dia hitanareo izany ao amin'ny pre-...ao amin'ny Pre-Nicaea Council. Ary heveriko fa izany dia ny boky voalohany na ny boky faharoa, ianareo—no hahitanareo an'izany. Ary ankehitriny, hitany izany, taona maro lasa izay, izay nolazainy hoe, "Amin'ilay farany, farany—anankiray farany voafidy, io voafidy io."

16 Mihevitra ny olona fa ny fifidianana dia zavatra iray izay vao avy—zavatra iray izay vao avy foy teto tamin'ny farany teo. Oadray! Izany no iray amin'ireo fampianarana tranainy indrindra izay ananantsika: fifidianana sy antso. Ary noho izany i Irenée, izany tokoa, ireo tena mpandinika ny Soratra, dia nino foana ny fifidianana.

17 Ary noho izany i Irenée dia iray amin'ireo—ireo anjelin'ny taom-piangonana, araka ny hitantsika, araka ny nianarantsika. Mino isika. Mazava ho azy, ankehitriny, izy rehetra dia zava-miafina. Izy rehetra eto dia, marina, miafina mihitsy ato amin'ireto Tombokase ireto, hitanareo. Ary tsy maintsy voambara izy ireo amin'ny andro farany. Ahoana fa nanomboka tamin'i Paoly izy ireo, sy—sy Irenée, sy Martin, sy ny sisa, midina, ary tonga hatrany amin'ilay taona farany.

18 Ary, ankehitriny, dia matoky isika ankehitriny fa hitahy antsika ny Tompo ao amin'ireo fiezahantsika izao hariva izao. Ankehitriny isika dia efa...Ny Tombokase Voalohany, nankasitraka an'izany tokoa aho. Ny Tombokase Voalohany, ireo fitahiana nandeha niaraka tamin'Izany, ho ahy!

19 Ary ankehitriny aho—tsy te-hihazona anareo ela loatra aho. Fa, hitanareo, izaho—handeha fotsiny indray aho ankehitriny, aorian'ny hariva vitsy, sy rehefa tapitra ity. Ary tsy maintsy somary hiaritra vetivety fotsiny isika. Ary mankasitraka aho...

20 Mahita an-dRahalahy Junior Jackson aho mitsangana eo. Izaho...Ary nihevitra aho fa nahita an-dRahalahy Ruddell, fotoana vitsy lasa izay, teto tany ho any. Ary ireo rahalahy, izany dia ireo fiangonana rahavavintsika izay nanafoana, sy ireo hafa. Mankasitraka an'izany tokoa izahay. Ary mahita an-dRahalahy

Hooper aho, mino aho, mitsangana miankina amin'ny rindrina ery, avy any Utica, ilay fiangonana any. Ary mankasitraka tokoa ny fiaraha-miasa tsaranareo rehetra ao amin'ity izahay.

21 Ankehitriny, omaly hariva, araka ny tiantsika foana, tao amin'ny fampianarana teo amin'ireo—teo amin'ireo Tombokase, mampianatra an'izany tahaka ny ataonareo eo amin'ireo—eo amin'ireo—ireo taom-piangonana isika. Ary rehefa nahavita ny fampianarana ny taom-piangonana isika, tamin'ny fotoana farany izay nanaovako sary azy ireo teto amin'ny—teto amin'ny polipitra, na teo amin'ny tabilao iray, firy no mahatsiaro an'izay niseho? Nidina avy hatrany Izy, nandeha avy hatrany teo amin'ny rindrina, tao anatin'ny Hazavana iray, ary nanao sary an'izany, Izy tenany, teo amin'ny rindrina mihitsy, teo anatrehantsika rehetra. Nitsangana teto mihitsy ilay Anjelin'ny Tompo teo anatrehan'ny olona an-jatony maro.

22 Ary ankehitriny Izy dia—Izy dia manao zavatra tena ivelan'ny voajanahary ankehitriny, ihany koa, ary noho izany dia manantena zavatra lehibe fotsiny isika. Tsy fantatsika . . . Tianareo ny miandry fotsiny an'io—io fiandrasana lehibe io, tsy mahafantatra fotsiny an'izay hitranga manaraka, fantatrareo, izao fotsiny—miandry fotsiny. Ankehitriny, dia lehibe toy ny ahoana Andriamanitra amintsika, ary mahafinaritra toy ny ahoana! Tena mankasitraka Azy isika!

23 Ankehitriny, ny andininy faha-1 sy faha-2, ho vakiako Izany, mba hanome foto-kevitra kely iray. Ary avy eo dia halaintsika ny andininy faha-3 sy faha-4, ho an'ny Tombokase Faharoa. Ary avy eo ny andininy faha-5 sy faha-6 no Tombokase Fahatelo. Ary ny andininy faha-7 sy faha-8 dia ny . . . Andininy roa isaky ny mpitaingina soavaly. Ary ankehitriny dia tiako ianareo handinika hoe ahoana ireo olona ireo . . . Eo amin'io soavaly hatsatra io, angamba . . . Indro avy izy, manohy miova fotsiny araka ny andehanany.

24 Ary avy eo ilay Tombokase lehibe, farany tsy maintsy hisokatra, raha sitrak'Andriamanitra, amin'ny Alahady hariva heriny! Izany, rehefa nitranga izany, dia nisy fotsiny, zavatra anankiray fotsiny no niseho, "dia fahanginana tany Andanitra nandritry ny antsasak'adiny." Hanampy antsika anie Andriamanitra.

25 Ankehitriny dia hamaky ny andininy faha-3 aho ankehitriny.

> *Ary rehefa novahany ny tombokase faharoa, dia reko ny zava-manan'aina faharoa nanao hoe, Avia ka jereo.*
>
> *Ary nisy soavaly hafa iray nivoaka . . .* (andininy faha-4) *. . . izay mena: ary nomena fahefana izay nipetraka teo amboniny mba hanaisotra ny fiadanana amin'ny tany, . . . mba hifamonoan'izy ireo . . . hifamonoan'izy ireo: ary nomena sabatra lehibe izy.*

26 Ankehitriny, zavatra mahagaga iray ankehitriny, rehefa ilay—niteny tamin'i Jaona ilay Zava-manan'aina hoe, "Avia fotsiny dia jereo." Ary tsy hitany hoe inona ilay izy. Nahita mari-pamantarana iray fotsiny izy. Ary io mari-pamantarana io, ny antony . . . Hoy Izy hoe, "Avia, jereo," saingy nahita mari-pamantarana iray izy, izay tsy maintsy nanaovany mari-pamantarana an'izany ho an'ilay fiangonana, tao amin'ny fomba iray izay niambenan'izy ireo; mandra-pahatongan'ilay taona farany, ary amin'izay fotoana izay no hisokatra ilay Tombokase.

27 Ankehitriny, ny tsirairay dia mahazo an'izany ankehitriny, hitanareo, hisokatra ireo Tombokase. Ary tsy faly ve ianareo ny miaina amin'izao andro izao? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany, hitanareo, tsy izany ihany, ry sakaiza, fa tsarovy foana ankehitriny, tamin'ny Alahady maraina lasa, rehefa ny zavatra manontolo no nifototra teo amin'ny, fahatsorana! Hitanareo? Tsotra, manetry tena, mitranga amin'izany fomba izany ka mandalo fotsiny mihitsy ny olona ary tsy mahafantatra akory aza fa mitranga Izany.

28 Ary, tsarovy, miandry ny Fihavian'ny Tompo isika, amin'ny fotoana rehetra. Ary rehefa isika . . . Nanao filazana aho, fa izaho angamba ho tahaka an'izany ny Fampakarana. Izany dia hiseho, tapitra, nefa tsy hisy anankiray hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany. Izany dia ho tonga fotsiny tahaka an'izany. Hitanareo? Ary mazàna . . . Miverena fotsiny any aoriana manerana ny Baiboly ka jereo hoe ahoana no itrangan'ilay izy tahaka an'izany. Hitanareo?

29 Na dia zavatra lehibe iray tahaka ny fihavian'ny Tompo Jesosy aza, dia tsy nisy olona nahafantatra na inona na inona nikasika an'izany. Nieritreritra izy ireo hoe, "Io hafahafa io, olona iray." Hoy ireo fiangonana hoe, "Fanatika iray fotsiny. Isika . . . Izy dia adala marina tokoa." Hoy izy ireo, "Izy dia very saina iray." "Fantatray fa very saina ianao." *Very saina* dia midika hoe "adala." "Fantatray fa manana devoly ianao, ary izany no nanao anao ho adala. Nefa miezaka hampianatra anay ve ianao? Nefa, ianao dia teraka tany, tsy aradalàna. Izahay . . . Ianao dia teraka tao anatin'ny fijangajangana. Miezaka hampianatra lehilahy tahaka anay ve, ireo mpisorona, sy ny sisa, an'ny tempoly?" Eny, oadray, ompa iray izany ho azy ireo.

30 Rehefa tonga i Jaona, efa noresahina, nanerana an'ireo taona, nanomboka tamin'ny Isaia hatrany amin'ny Malakia. Izany hoe roanjato sy arivo . . . na roa ambin'ny folo sy fitonjato taona, no efa nahitan'ireo mpaminany azy, fa ho tonga. Ny olona rehetra dia niandry azy ho tonga, niandry an'izany tamin'ny fotoana rehetra. Saingy ny fomba nahatongavany, nitory teny izy ary nanao ny asany, ka nandeha niditra tao amin'ny Voninahitra.

31 Ary na dia ireo apostoly aza tsy nahafantatra an'izany, satria nanontany Azy izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny, raha—raha handeha ho any Jerosalema ny Zanak'olona, ireo zavatra rehetra ireo, mba hatolotra," hoy izy ireo, "dia nahoana fa izao no lazain'ny Soratra hoe 'Elias dia tsy maintsy tonga aloha'?"

32 Hoy Jesosy hoe, "Efa tonga izy, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany. Ary nanao marina tokoa an'izay nolazain'ny Soratra fa hataony izy. Ary izy ireo nanao taminy fotsiny an'izay voasoratra." Hitanareo? Fa tsy nety azon'izy ireo izany. Hoy Izy hoe, "Jaona izany."

Ary, tamin'izay fotoana izay, "Oh!" Hitanareo, izy ireo—nifoha izy ireo, teo amin'izany. Izy ireo . . .

33 Ary rehefa, na dia, tamin'ny farany aza, taorian'ireo zavatra izay Izy—efa Nataony, sy ireo famantarana izay Nasehony azy ireo, ary niantso azy ireo mihitsy aza. Nanao hoe, "Iza aminareo no afaka manameloka Ahy amin'ny fahotana, ny tsi-finoana? Raha tsy nanao marina an'izay nolazain'ny Soratra fa hataon'ny Asako Aho rehefa tonga eto an-tany Aho, amin'izay fotoana izay dia asehoy Ahy hoe taiza Aho no nanota. Hitanareo? Avy eo Aho dia—Hasehoko anareo izay tokony haha-izy anareo, ka ndao ho jerentsika na nino an'izany ianareo, na tsia." Hitanareo? Niverina avy hatrany Izy ka nanao hoe, "Ianareo dia natao hino Ahy rehefa tonga Aho." Tsy nataon'izy ireo izany, hitanareo, noho izany dia nahafantatra tsaratsara kokoa izy ireo noho ny hiady hevitra Aminy, teo amin'izany. Fa hoy Izy hoe, "Iza aminareo no afaka hiampanga Ahy amin'ny tsi-finoana? Hitanareo? Tsy nanao fotsiny an'izay naha-izy azy ve Aho?"

34 Ary na dia ireo apostoly aza, nandeha hatrany, tafintohina. Fantatsika hoe ahoana no andehanan'ny Soratra. Avy eo farany, tamin'ny farany, dia hoy izy ireo hoe, "Mino izahay ankehitriny. Mino izahay fa tsy misy olona tokony hiteny Aminao, satria mahafantatra ny zavatra rehetra Ianao."

35 Ankehitriny, ho tiako mihitsy ny hahita ny Endriny. Tsy maintsy nijery azy ireo Izy, nanao hoe, "Eny, mino ve ianareo ankehitriny? Niseho teo aminareo ilay izy tamin'ny farany." Eny, tsy tokony ho izany ilay izy, angamba, hatramin'io fotoana io, hitanareo. Ary Andriamanitra dia manao ny zavatra rehetra hiasa tsara fotsiny, fantatrareo. Izaho—tiako Izy ny amin'izany.

36 Fa ankehitriny dia mieritreritra ny amin'ny taonantsika isika ankehitriny. Satria, raha manomboka miresaka eo amin'izany aho, isika dia tsy ho tonga eo amin'ireto Tombokase ireto, mihitsy.

37 Ary ankehitriny, tsarovy, manana fangataham-bavaka betsaka ho an'ny marary aho. Ary izaho dia mivavaka ho an'ny . . . isan'andro, ho an'ny fangatahana tsirairay izay azoko, ary ho an'ireo mosara sy ny sisa. Ary raha afaka mahavita an'ireto Tombokase ireto isika, hatrany amin'ilay Tombokase

farany, amin'ny Alahady maraina isika . . . Raha sitrapon'ny Tompo izany, dia ho tiantsika ny hanana fotoam-panasitranana tsara iray amin'ny fanao fahiny eto, fantatrareo, izay hakanareo fotsiny ny maraina manontolo hivavahana ho an'ny marary. Ary izaho—tena azoko antoka fa ho fivoriam-panasitranana hafahafa iray izany. Hitanareo? Manana fihetseham-po iray tahaka an'izany aho, hitanareo. Ary noho izany, tsy hafahafa, fa mety ho hafahafa kely amin'ny sasany izany, hitanareo, izany no tiako lazaina.

38 Ankehitriny, lehibe toy ny ahoana ny fahasoavan'Andriamanitra, mba hanambara an'ireo Tsiambaratelony amintsika amin'izao andro izao! Ankehitriny, isika rehetra dia hino fa miaina amin'ny andro farany isika. Mino an'izany isika. Ary tsarovy, ireo tsiambaratelo dia tsy maintsy ho voambara amin'ny andro farany. Ary ahoana no Anambarany Ny Teniny, ireo Tsiambaratelony? Ny Baiboly no nilaza. Tianareo ve ny hamaky an'izay Ilazany an'izany? Ndao isika hamadika fotsiny ka hahita hoe ahoana no Anambarany an'ireo Tsiambaratelony.

39 Ankehitriny dia tiako ianareo hamaky ny Amosa. Mamadiha ao amin'ny Bokin'ny Amosa, ary tiako ianareo hamaky ao amin'ny toko faha-3-n'ny Amosa, ary ny andininy faha-7. Eny àry. Izaho dia hamaky ny andininy faha-6, ihany koa.

> *Hisy trompetra iray ve . . .* hotsofina *ao an-tanàna, ka tsy hatahotra ny olona? hisy loza ve ao an-tanàna, ka tsy ny* T*OMPO* no *nanao an'izany?*
>
> *Azo antoka tokoa fa ny Tompo . . . dia tsy hanao na inona na inona, raha tsy manambara an'ireo* tsiambaratelony *amin'ny mpaminany mpanompony.*

40 Ankehitriny, amin'ny andro farany, isika dia . . . Voalaza mialoha amintsika fa hitsangana ny—ny mpaminany iray.

41 Ankehitriny, fantatsika fa efa nanana ny karazany rehetra isika. Ankehitriny, fantatro, rehefa avy nijery manodidina izao hariva izao, fa izaho—miresaka eo amin'izay ipetrahan'ireo mpianatra aho, ary izaho—tiako ianareo hahazo ahy. Ary fantatrareo, ireto horonam-peo ireto dia mandrakotra an'izao tontolo izao, hitanareo, saiky izao tontolo rehetra izao mihitsy. Ary tiako ianareo tsy, na ahoana na ahoana, hihevitra fa miezaka aho ny hanatsofoka karazan'ny—ny fombam-pivavahana iray an'ny bodofotsin'i Elia na akanjo. Ary ny rehetra—ireo zavatra rehetra ireo, nanana betsaka azy ireo isika. Fa, fantatrareo, ireo zavatra ireo dia fialohavana iray fotsiny ihany an'ilay tena zavatra izay ho avy, mba hahadiso làlana ny olona.

42 Efa fantatrareo ve fa isika dia efa nanana sandoka—mpitarika sandoka nitsangana, ireo mesia sandoka, talohan'ny nahatongavan'i Kristy? Tsy, tsy ilay . . . Ilay mpampianatra tamin'izany andro izany, ilay mpampianatra mahery, Gamaliela,

rehefa ny—nipoitra ny fanontaniana mikasika ny fikapohana an’ireo lehilahy ireo, sy ny sisa, dia hoy izy hoe, “Avelao izy ireo hipetraka tsara. Raha avy amin’Andriamanitra izany, nahoana, dia ho hita fa miady manohitra an’Andriamanitra ianareo. Fa raha tsy avy amin’Andriamanitra izany . . . ” Hoy izy, “Tsy nitsangana ve ny lehilahy iray, vao tsy ela akory izay, ary nitondra efajato nankany an-efitra, sy ny sisa? Nanana an’ireo zavatra ireo isika.” Inona izany? Ny rehetra dia mialoha làlana an’ilay tena Zavatra rehefa tonga Izany.

43 Ankehitriny, hitanareo, Satana no manangana an’ireo. Diniho ny hafetsen’ity lehilahy izay resahantsika eto ity, Satana, rehefa mampiseho azy eto mihitsy isika; manaboridana azy fotsiny, amin’ny alàlan’ny Soratra, ary hamela anareo hahita hoe iza izy. Izany ilay . . . izay natao ho vita.

44 Ary, tsarovy, tsy niezaka ny hiditra izy ka ho kominista iray, tsy niezaka i Satana. Antikristy iray izy. “Tena mifanakaiky, ka,” hoy Jesosy, “hamitaka ny tena Voafidy . . . ” Ary izany dia Ireo izay niafina tao anatin’ireto Tombokase ireto, ireo anarana izay eo amin’ny Boky hatramin’ny fanorenana an’izao tontolo izao.

45 Olona fetsy iray izy. Ary rehefa hitany fa tonga io zavatra io, miseho, amin’izay fotoana izay dia atsipiny ny zavatra rehetra izay azony avoaka eo, mba hanakorontana an’izany alohan’ny ahatongavany eo. Efa fantatrareo ve fa hisy kristy sandoka hitsangana amin’ny andro farany? Tokony hanaraka avy hatrany izany aorian’ity, aorian’ity Hafatra lehibe izay horesahan’ity rahalahy ity, izay ho tonga tokoa, voahosotry ny fanahin’i Elia, avy hatrany.

46 Ary ho diso fiheverana ny aminy izy ireo. Ny sasany amin’izy ireo dia hihevitra fa izy no Mesia. Saingy hilaza an-kitsirano izy hoe, “Tsia.” Satria, tsy maintsy ho tonga tahaka an’i Jaona izany.

47 Tamin’ny andron’i Jaona Mpanao-batisa, rehefa nivoaka teo izy mba hitory teny, dia hoy izy ireo taminy hoe, “Tsy ianao ve no Mesia? Tsy ianao ve no Izy?”

48 Hoy izy hoe, “Tsy izy aho. Tsy mendrika ny hamaha ny Kirarony aho. Fa izaho—izaho manao batisa anareo amin’ny rano, fa Izy dia hanao batisa amin’ny Fanahy Masina.” Ary tena nahazo antoka i Jaona fa teto an-tany Izy, hoy izy hoe, “Eo anivonareo Izy, any ho any, ankehitriny.”

49 Fa tsy nahafantatra Azy izy raha tsy nahita an’io famantarana io nidina teo Amboniny. Tamin’izay fotoana izay, rehefa hitany io Hazavana io nidina ary nihitatra tahaka ny voromailala iray, ary nipetraka teo Amboniny, dia hoy izy hoe, “Io Izy. Izy io.” Fa i Jaona irery ihany no anankiray nahita an’Izany, fantatrareo. Jaona irery ihany no anankiray nandre an’ilay Feo. Ny sisa rehetra tamin’izy ireo teo, tsy nisy anankiray nandre an’Izany.

50 Fa amin'izay fotoana izay rehefa ilay tena mpanompo, marina no tonga; miaraka amin'ny fakan-tahaka rehetra an'izany, izany dia hanakorontanana ny sain'ny olona. Satana no manao an'izany. Ary ireo izay tsy afaka mamantatra ny marina amin'ny diso, dia lavo fotsiny izy ireo. Fa ilay Voafidy dia tsy hanao an'izany; ny Baiboly no nilaza fa tsy afaka hamitaka an'ilay Voafidy izy. Ary ankehitriny, mialoha indrindra ny Fihavian'i Kristy, dia hoy ny Baiboly hoe, "Hisy antikristy sandoka hitsangana, ka hihambo ho Kristy, ary hanao hoe, 'Indro, ny olona dia milaza fa any an-tany efitra Izy.' Aza mino an'izany. 'Indro, any anaty efitra miafina Izy.' Aza mino an'izany."

51 "Fa tahaka ny masoandro miposaka avy any atsinanana mankany andrefana, dia ho toy izany koa ny Fihavian'ny Zanak'olona." Hitanareo? Eny, Izy dia—Izy dia—Izy dia hiseho, ary ho zavatra iray maneran-tany izany. Ary ankehitriny izany dia ho, ankehitriny, mazava ho azy, rehefa hitan'izy ireo fa nisy zavatra niseho, hitanareo, amin'izay fotoana izay izy ireo dia ho...Ankehitriny, tsarovy, izany dia hiseho avy hatrany aorian'ny fandehanan'ilay Fiangonana any an-Trano, aorian'ny Fampakarana.

52 Ankehitriny dia hisy fakan-tahaka, hatrany foana, ary tsy tiantsika ny hifandray amin'ny zavatra tahaka an'izany. Tsia, tompoko.

53 Ary mino aho, rehefa tonga ilay olona, io anankiray izay nolazaina mialoha fa ho tonga io, asehoko aminareo amin'ny alàlan'ny Soratra fotsiny izany, fa tsy maintsy ho mpaminany iray ilay lehilahy. Ho izany tokoa izy. Ary ny fanambaran'Andriamanitra, satria Andriamanitra...Ny Tenin'ny Tompo dia tonga amin'ireo Mpaminaniny. Marina tokoa izany. Izany dia...Ary tsy afaka miova Andriamanitra, hitanareo. Raha nanana rafitra iray tsaratsara kokoa Izy, Izy dia ho—ho nampiasa an'izany Izy. Fa Izy—Izy dia manana...Izy dia nifidy ny rafitra tsara indrindra tany amin'ny voalohany.

54 Ohatra fotsiny, afaka nifidy ny masoandro mba hitory ny Filazantsara Izy. Afaka nifidy ny volana Izy. Izy dia afaka nifidy ny—ny rivotra. Fa nifidy olona Izy. Ary tsy nifidy vondrona mihitsy Izy. Isam-batan'olona! Hitanareo?

55 Ary tsy misy mpaminany lehibe roa mihitsy teto an-tany amin'ny fotoana iray ihany. Hitanareo, ny olona tsirairay dia samihafa, manana famoronana samihafa izy. Raha afaka mahazo olona anankiray Andriamanitra, dia izay ihany no Ilainy, ho eo an-Tànany mihitsy, afaka manao izay Tiany hatao Izy. Anankiray fotsiny no Ilainy. Tamin'ny andron'i Noa; andron'i Elia; andron'i Mosesy.

56 Maro no nitsangana, tamin'ny andron'i Mosesy. Fantatrareo izay nataon'izy ireo, ka te-hilaza hoe, "Eny, tsy ianareo irery

ihany no masina ao anatin'ilay andiany," ary—ary Datana sy—sy Kora.

57 Dia hoy Andriamanitra hoe, "Saraho fotsiny ny tenanao. Hanokatra ny tany fotsiny Aho ka hitelina azy ireo." Hitanareo? Ary—ary noho izany . . .

58 Ary avy eo dia nanomboka nitaraina ny olona. Hoy Izy hoe, "Izaho fotsiny dia—Izaho dia hanaisotra an'ilay zavatra manontolo fotsiny."

59 Ary naka ny toeran'i Kristy i Mosesy teo, tamin'io fotoana io, nanipy ny tenany teo amin'ilay elanelana, ka nanao hoe, "Aza manao an'izany, Tompo." Hitanareo? Ary, mazava ho azy, izy . . . Rehefa avy nanendry an'i Mosesy hanao an'io Izy, tsy tonga nanohitra an'i Mosesy Izy, satria nihetsika tahaka an'i Kristy izy tamin'io fotoana io. Izany no Kristy tao amin'i Mosesy. Tanteraka tokoa.

60 Ankehitriny, dia tena faly isika androany fa manambara ny Tenany amintsika Andriamanitra. Ary mino aho fa ilay Andro lehibe dia manomboka miseho mihitsy, miposaka. Manomboka manjelatra ireo Hazavana. Manomboka mihira ao am-pon'ny olo-masina ireo voron'ny paradisa. Fantatr'izy ireo fa tsy ho ela intsony ankehitriny. Misy zavatra hitranga, tsy maintsy fotsiny. Noho izany raha "Tsy manao na inona na inona Izy . . . "

61 Ankehitriny, ny Soratra rehetra dia voatsindrimandry. Ny Soratra dia tsy maintsy ho ny Fahamarinana tanteraka tokoa. Tsy misy fomba ihodinana amin'izany. Eo no tsy itoviako amin'ireo sakaizantsika, ilay fiangonana Katolika. Mino aho fa Izy dia tsy nosoratan'olona tsotra fotsiny. Mino aho fa Izy dia nohetsehan'ny Fanahy Masina. Ary ireo zavatra kely rehetra izay nampiana ireo, miezaka ny manampy amin'Izany; efa voamarikareo ve, fa tamin'ny fotoan'ny fisarahana, dia voaroaka ny tsirairay avy tamin'izy ireo.

62 Ary ireo tena Soratra, marina dia nifampiditra tsara, ny iray tamin'ny ilay hafa, hany ka tsy—tsy nisy fifanoherana tao amin'izy ireo, na taiza na taiza mihitsy. Anehoy ampahana literatiora iray aho izay afaka—izay afaka manoratra andininy iray, saiky, ka tsy manohitra ny tenany, na manoratra—manoratra andininy iray, na roa. Fa ny Baiboly dia tsy manohitra ny Tenany, na aiza na aiza. Efa nandre an'ireo mpitsikera antitra aho nilaza an'izany, saingy efa hatramin'ny ela no nanasako azy, haneho amiko hoe aiza no misy an'izany. Tsy ato izany. Ilay izy dia satria mifanjevo fotsiny ny sain'olombelona. Andriamanitra tsy mifanjevo. Fantany izay Ataony. Fantany.

63 Jereo, raha hitsara an'izao tontolo izao amin'ny alàlan'ny fiangonana iray Andriamanitra, araka ny lazain'ny fiangonana Katolika fa izany ilay izy, eny àry, amin'izay fotoana izay dia fiangonana inona izany? Jereo fotsiny ireo fiangonana izay ananantsika. Manana sivinjato mahery isika, rafi-

pandaminan'ny fiangonana samihafa. Ankehitriny dia ahoana. . .Ny anankiray mampianatra tahaka an'*ity*, ary ny anankiray tahaka an'*itsy*. Fifanjevoana iray toy ny inona, arak'izany, ny olona rehetra dia manao zavatra izay tian'izy ireo atao fotsiny, dia manohy ianareo na ahoana na ahoana. Tsy maintsy manana modely iray Andriamanitra, ary izany dia Ny Teniny.

64 Niresaka. . .Tsy manipy any amin'ny Katolika, ankehitriny, satria ny—ny Protestanta dia mbola ratsy mihitsy. Fa niresaka tamin'ny pretra iray aho, hoy izy hoe, "Atoa. Branham," hoy izy, "Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany."

65 Hoy aho hoe, "Tompokolahy, Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. Ary Izy no Teny." Eny, tompoko.

Hoy izy hoe, "Eny, Izy dia ao amin'ny. . .Tsy mety diso ny fiangonana."

66 Hoy aho hoe, "Tsy milaza an'izany Izy. Fa nilaza Izy fa ny Teny no tsy mety diso."

67 Hoy izy hoe, "Eny, izahay fahiny dia nampianatra an'io batisa io tahaka an'izany, sy ny sisa."

Hoy aho hoe, "Oviana?"

Hoy izy, "Tamin'ny andro voalohany tany aoriana tany."

Hoy aho hoe, "Mametraka an'izany ho ny fiangonana Katolika ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Eny."

68 Hoy aho hoe, "Noho izany, dia Katolika aho, Katolika tamin'ny fanao fahiny. Mino ny fomba fanao fahiny aho. Ianareo zalahy amin'izao andro izao no nampifangaro an'Izany tanteraka, ary saiky ny zavatra rehetra ao amin'ny Soratra izay ampianarinareo. Fanelanelanan'ireo vehivavy sy ny olona maty, ary ireo zavatra hafa rehetra ireo, ary, oh, oadray, tsy fihinanankena, ary, oh, tsy fantatro hoe inona daholo, hitanao." Hoy aho hoe, "Tadiavo ao anatin'ny Soratra ho ahy izany."

69 Hoy izy hoe, "Tsy voatery ho ao izany. Raha mbola ny fiangonana foana no miteny an'izany, dia izay ilay izy. Tsy manao fahasamihafana amin'izay lazain'Ity, ilay izy dia ny fiangonana."

70 Hoy aho hoe, "Ny Baiboly no nilaza, fa, 'Na iza na iza hanampy teny iray amin'Izany, na manaisotra Anankiray, dia esorina amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany.' Noho izany, ilay izy dia ny Teny! Mino ny Teny aho."

71 Ankehitriny, ary, noho izany, raha milaza i Amosa, sy ireo Soratra hafa mandeha miaraka amin'izany, hoe raha . . .

72 Ary tsaroanareo, eo amin'ity, hikasika fotsiny an'ireo fahazavan'Izany isika. Izao fotsiny, oadray, raha. . .Rehefa niditra tao amin'io efitra tao io aho, ka—ka tonga io Hosotra

io, raha afaka nanoratra aho an'izay Izy . . . izay miseho rehetra, dia ho eto aho mandritry ny telo volana eo amin'ny anankiray amin'ireo Tombokase. Noho izany dia mikasika fotsiny an'ireo toerana ary mamoaka an'Izany, an'izay mety haha-izy azy fotsiny mba tsy hanempotra ny olona. Fa, kanefa, tsy handratra betsaka azy ireo, fa fotsiny mba, eo am-pinoana, hahatonga azy—hahatonga azy hamokatra an'ilay zavatra. Fantatrareo izay tiako lazaina.

73 Ankehitriny, diniho ity ankehitriny, raha "Andriamanitra dia tsy manao na inona na inona," hoy i Amosa, "raha tsy manambara an'izany amin'ny mpaminany Mpanompony Izy aloha." Ary, avy eo, dia hitantsika izay Ataony. Ilay izy dia tsy maintsy miomana hanao zavatra Izy, izay Ambarany ankehitriny. Miomana hiditra an-tsehatra Andriamanitra, ao amin'ny fitsarana, mino aho. Miomana hanao zavatra Izy. Ary zavatra anankiray indray, azo antoka fa izany no manambara, fa ao amin'ny andro farany isika. Eo amin'ny fiafaran'ilay taona isika, ilay Taonan'ny Fiangonana Laodikia ankehitriny, satria ireto zavatra ireto dia tsy maintsy ho voambara amin'ny andro farany irery ihany.

74 Ankehitriny, eritrereto fotsiny izany ankehitriny. Ndao fotsiny isika—hiezaka handentika fotsiny an'izay inoantsika fa tian'ny Fanahy Masina ho fantatsika.

75 Tsarovy ankehitriny, "Tsy misy na inona na inona ho voambara; Andriamanitra dia tsy hanao na inona na inona, mihitsy, raha tsy manambara an'izany amin'ny Mpanompony Izy aloha, ireo mpaminany." Ary alohan'ny Anaovany zavatra, dia Ambarany izany. Ary rehefa Ambarany izany, dia afaka mahatsiaro an'izao ianareo, hoe misy zavatra eny amin'ny làlany. Hitanareo, ho voambara izany.

76 Ary ireto zavatra izay resahantsika ireto dia tsy maintsy voambara amin'ny andro farany, alohan'ilay Trompetra farany mihitsy, amin'ny fiafaran'ny Hafatr'ilay taom-piangonana farany. Marina izany. Raha te-hamaky an'izany ianareo ankehitriny, dia afaka mamadika ianareo ao . . . Ianareo, efa notondroiko taminareo mihitsy, omaly hariva, intelo, Apokalypsy 10:1-7, hitanareo. "Amin'ny andro hitsofan'ny Hafatry ny anjely fahafito, dia ho voambara ny zava-miafin'Andriamanitra ary hifarana." Ary zavatra anankiray ihany no tavela. Rehefa misokatra ity Boky voaisy tombokase fito ity, amin'izay fotoana izay ny zava-miafin'Andriamanitra manontolo . . .

77 Nahoana, namotopototra an'Izany isika, nandritry ny taona maro. Ary araka ny Soratra, noho izany, isika . . . Tsy nisy fomba hahazoana an'Izany raha tsy amin'izao andro izao, satria nafenina Izany. Nahita ny mari-pamantarana isika, izay naneho Azy tamin'ny mari-pamantarana, saingy tsy afaka ny

ho voambara marina Izany raha tsy amin'ny andro farany. Hitanareo? Ankehitriny, noho izany, dia tsy maintsy eo isika, amin'ny—amin'ny andro farany.

78 Ankehitriny, tsarovy. Aza. . .Ary aza adino ankehitriny, fa, "Tsy manao na inona na inona Izy mandra-Panambarany an'izany." Ary aza adino, ihany koa, fa Ataony amin'ny fomba tena tsotra izany, ka, "Diso an'izany ny hendry sy ny manan-tsaina." Ankehitriny, raha tianareo ny handray naoty an'izany, izany dia ny Matio 11:25-26. Ary, tsarovy, "Tsy manao na inona na inona Izy mandra-Panambarany an'izany." Ary Ambarany amin'ny fomba iray izany ka ny olona manan-tsaina, nianatra dia diso an'izany. Tsarovy, ny fahendrena no nirian'izao tontolo izao noho ny Teny, rehefa nanao an'izay nataony ny fahotana voalohany. Aza adino izany ankehitriny. Oh, tokony hankasitraka toy ny ahoana isika, mieritreritra an'izany!

79 Jereo fotsiny ankehitriny ireo zavatra izay mitranga! Jereo ireo zavatra izay Notenenin y tamintsika! Jereo ato amin'ity tabernakla ity, ianareo olona izay niara-lehibe taminay teto. Ankehitriny dia hangataka an'ireo horonam-peo aho. . .Eny, manohiza, raiso feo ilay izy. Fa, jereo, hilaza an'ity fotsiny ho an'ny olon'ny tabernakla aho, ianareo izay efa teto. Mihaika anareo rehetra aho, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mba hametraka ny rantsan-tànanareo eo amin'ny zavatra anankiray, tamin'ireo zavatra an-jatony izay voateny talohan'ny nisehoan'izy ireo, ka hilaza fa tsy niseho izy ireo. Mitenena amiko indray mandeha, teto amin'ny lampihazo, tany ivelany, na taiza na taiza ilay izy, hoe mba niteny zavatra Izy ka tsy tanteraka marina tokoa tahaka an'izany. Ahoana? Mety ho tahaka an'izany ve ny sain'olombelona iray? Tsia tokoa.

80 Rehefa niseho Izy tany amin'ilay renirano, telo amby telopolo taona lasa izay amin'ity Jona ho avy ity, tao amin'ny endrika Hazavana iray! Ianareo an'ny andro fahiny dia mahatsiaro fa niteny taminareo aho, hatramin'ny naha-tovolahy kely iray, an'io Feo sy io Hazavana io. Ary nihevitra ny olona, fa karazany marary loha kely aho. Mazava ho azy, mety nihevitra an'ilay zavatra iray ihany aho angamba, olona iray no nilaza an'izany. Fa ankehitriny dia tsy mila manontany ny mikasika an'Izany intsony ianareo ankehitriny. Ary tsy nanontany intsony ny Fiangonana hatramin'ny 1933, tany amin'ilay renirano tamin'io andro io, izay nanaovako batisa olona an-jatony!

81 Tsaroako io zazalahy Marra io niteny tamiko, nanao hoe, "Handentika an'ireo olona ireo ao ve ianao, ry Billy?" I Jim Marra kely teto, heveriko fa maty izy ankehitriny. Heveriko fa novonoina izy tany; vehivavy iray no nitifitra azy. Fa izy—nanontany ahy izy hoe, "Handentika an'ireo olona ireo ao ve ianao?"

82 Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko. Hanao batisa azy ireo amin’ny Anaran’ny Tompo Jesosy aho.”

83 Ary nisy vehivavy iray tonga tao amin’ilay vondrona. Nilaza tamin’ny vehivavy iray hafa izy, nilaza izy . . . nanao fanamarihana iray, zavatra iray nikasika an’izany. Hoy izy hoe, “Eny, tsy hampaninona ahy ny hilentika.” Hoy izy, “Mety tsara izany. Tsy ahoako.”

84 Hoy aho hoe, “Miverena ka mibebaha. Tsy mendrika ny hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy ianao.” Hitanareo?

85 Ity dia tsy zavatra natao hilalaovana. Izany no Filazantsaran’i Kristy, voambara tamin’ny alàlan’ny fanirahana iray, ny Teny. Izao fotsiny, ankehitriny, raha milaza ianareo hoe, “Fahadalana sy hafokàna,” dia afaka hametraka an’izany any an-kafa any ho any ianareo. Fa, tsarovy, nampanantenaina ao amin’ny Teny fa izao no hitranga, ary izay haha-izy azy marina tokoa. Ary eto izany.

86 Noho izany, tany tamin’io andro io, rehefa nitsangana teo amin’ilay renirano izy ireo! Ary ilay Anjelin’ny Tompo, izay noteneniko taminareo fa izany dia tahaka ny—ny kintana iray na zavatra iray tany lavitra tany, avy eo dia lasa akaiky Izany, ary niteny taminareo hoe toy ny ahoana ilay Hazavana emeralda. Ary tonga teo Izany, nidina teo amin’ilay renirano mihitsy izay nanaovako batisa.

87 Fa, ireo mpandraharaha teo amin’ny tanàna teo, dia nanao hoe, “Inona no dikan’io?”

88 Hoy aho hoe, “Tsy ho ahy izany. Ho anareo izany. Mino aho. Hitanareo? Nohon’ny aminareo, no nanaovan’Andriamanitra an’izany, mba hamela anareo hahafantatra fa miteny aminareo ny Fahamarinana aho.” Satria ankizy iray, zazalahy iray, saiky, ary teo amin’ny iraika amby roapolo taona teo, izy ireo—tsy nino an’izany izy ireo, hitanareo, satria sarotra loatra ho an’ny ankizy iray izany. Ary avy eo dia nieritreritra aho . . .

89 Rahalahy Roberson eto, iray amin’ireo mpitantan-draharahantsika, nahita azy aho teto minitra vitsy lasa izay. Niteny tamiko izy indray andro mikasika ny tany Houston rehefa azo ilay sary tany, izay hitanareo. Ary izaho dia . . . Teo amin’io adi-hevitra io, nanomboka nilaza zavatra iray mikasika an’izany aho, indray hariva. Rahalahy Roy irery ihany no . . . niaraka tamin’ny lehilahy iray amboniny, no olona tokana tao amin’ilay vondrona izay nanana fitaovana fandraisam-peo iray. Izany dia ny anankiray tamin’ireo fitaovana fandraisam-peo tamin’ny fanao fahiny nisy tadiny. Mahita an-dRahalahy Roberson aho ankehitriny, sy ny vadiny. Noho izany, ary—ary izany, narary Rtoa. Roberson.

90 Rahalahy Roy dia mpiady tranainy iray. Ary voatorotoro ny ranjony, ka napetrak’izy ireo ho faty izy. Manam-boninahitra iray izy tao amin’ny—tao amin’ny Tafika. Ary Alemana 88 iray

no nahavoa an'io fiara mifono vy izay niarahany io, ary namono an'ilay lehilahy fotsiny izany, ary nanorotoro azy ho potipotika. Napetrak'izy ireo izy, ho faty, nandritry ny fotoana ela. Ary nilaza izy ireo fa tsy hamindra intsony izy, satria tapaka ny ranjony roa, ireo hozatra tao anatin'izy ireo, sy ny sisa. Oadray, saiky afaka mamindra mihoatra noho izaho izy.

91 Fa inona izany? Nisy zavatra izay hitany, ary nandeha nankany Houston izy. Ary niteny tamiko mikasika ny vadiny izy. Ary izy no manana an'ilay—izy no manana an'ilay tady; hametraka an'izany eo amin'ny horonam-peo iray izy. Ary aorian'ny hifaranan'ireo fotoana, eny, dia handefa an'izany ho anareo rehetra izy, manantena aho. Ary eo amin'ilay fitaovana fandraisam-peo misy tadiny tranainy tany, no nandraisany an'ireo fotoako natao tany Houston. Ary tamin'izay fotoana izay ny vadiny, izy no nilaza, no nanana an'ilay izy teo, nefa tsy nahamarika an'izany mihitsy raha tsy tamin'ny indray andro.

92 Izy dia, oh, tena nalahelo izy. Narary izy, ary naniry ny hiditra tao anatin'ilay laharam-bavaka. Tsy nahafantatra ahy mihitsy izy ireo, ary izaho tsy mbola nahita azy ireo mihitsy teo amin'ny fiainako. Noho izany izy dia nipetraka teo amin'ny—ny varavarankely tamin'io andro io, nijery tany ivelany, ary tena maloka, fantatrareo, ary sorena, ka naniry mba ahafahany hahazo karatra fangataham-bavaka iray, hidirana ao amin'ilay laharana.

93 Ary, sendra, tafiditra tao amin'ny laharana izy tamin'io hariva io, na ny hariva taorian'izay, na tahaka an'izany. Mino aho, fa tamin'io hariva io ihany. Ary niditra tao amin'ny laharana izy. Ary rehefa niakatra teo amin'ny lampihazo izy, dia niteny taminy ny Fanahy Masina, nanao hoe, "Ankehitriny, tsy avy eto ianao. Avy any amin'ny tanàna iray antsoina hoe New Albany ianao." Ary nanao hoe, "Nipetraka teo amin'ny varavarankely iray ianao androany, nijery tany ivelany, ary nanahy tanteraka ny amin'ny hahazoana karatra iray." Eo izany, eo amin'ny horonam-peo, taona maro lasa.

94 Ary avy eo tamin'ny fanombohan'ny fivoriana, rehefa teo ny Fanahy Masina. . .Izany no voalohany tamin'ny fivoriana. Nanana teo amin'ny olona telo arivo teo fotsiny izahay, avy eo dia niakatra valo arivo, avy eo dia hatrany amin'ny telo alina teo. Koa noho izany tao amin'ilay. . .Raha mbola niresaka aho tamin'ny. . .Anankiray tamin'ireo fivoriana voalohany mihitsy, dia hoy aho hoe, "Tsy fantatro hoe nahoana aho no milaza an'izao." Ankehitriny, ao amin'ilay horonam-peo izany. "Fa, izany dia, isika dia. . .Ity no ho iray amin'ireo zava-dehibe an'ny androko. Hisy zavatra hitranga mandritr'ity fivoriana ity, izay ho lehibe kokoa noho izay efa hitan'ny olona."

95 Ary teo amin'ny valo fotsiny na sivy, hariva folo taorian'izany, rehefa niseho teo anatrehan'ny olona nanodidina

ny telo alina ilay Anjelin'ny Tompo, ary nidina, ary azo ilay sary. Io Izy, izao ankehitriny izao, izay voapetraka tsy azo adika any Washington, DC, ho Vatana tokana ivelan'ny voajanahary izay hany azo sary teto amin'izao tontolo izao.

96 Noho izany dia niresaka aho ny amin'ny, fantatrareo, nilaza fa indraindray, eo ambanin'ny famantarana, manao hoe, "Voaaloky ny fahafatesana ny olona iray. Misy saron-doha mainty iray, aloka iray. Eo an-dàlam-pahafatesana izy ireo."

97 Ary avy eo teto tany East Pines, na Southern Pines, mino aho fa izay ilay izy, rehefa tany fotsiny aho tao amin'ilay fivoriana farany. Ramatoa kely iray no nipetraka teo, ary nisy Zavatra niteny taminy hoe, "Alaivo io sary io, haingana mihitsy," rehefa niresaka tamin'ny ramatoa iray aho. Ary teo ilay izy. Heveriko fa ho eo amin'ny tabilaon'afisy izany; efa teo, hatramin'ny elaela kely. Misy an'ilay saron-doha mainty eo mihantona eo ambonin'ilay ramatoa mihitsy.

98 Nanapìka sary iray hafa izy, vantany vao nilaza an'izany ny Fanahy Masina. Lasa ilay izy. Hoy Izy, "Ho sitrana ianao. Ny Tompo no nanasitrana anao. Lasa ilay homamiadana." Ary teo ilay izy. Ary sitrana izy. Hitanareo? Eo ianareo izao. Hitanareo?

99 Izany dia mba hanehoana fotsiny fa Andriamanitra dia mahafantatra hoe ora fahafiry amin'ny andro izao. Isika tsy mahafantatra. Tokony hankatò Azy fotsiny isika.

100 Ankehitriny isika dia afaka manohy miresaka fotsiny, saingy ndao isika ho tonga eto ankehitriny, iray minitra fotsiny, ary hikasika an'ity Tombokase tany aoriana ity, mba ahafahantsika mamatotra an'ity anankiray ity amin'Izany. Ankehitriny, jery todika iray fotsiny, mandritry ny fo- . . . ny fotoana vitsy, ilay— ilay hafa, ilay Tombokase Voalohany.

101 Mahamarika isika, tamin'ny famahana ny Tombokase Voalohany, Satana dia manana le—lehilahy ambony, mpivavaka. Efa voamarikareo ve io mpitaingina soavaly fotsy io? Fa, izy ireo, izany dia noheverina fa izany dia ny . . . ilay Fiangonana voalohany izay nivoaka; saingy, oh, oadray, izany no nampianarina nandritr'ireo taona, saingy tsy mety ho izany izy. Diniho fotsiny rehefa ny sisa amin'izy ireo, rehefa mampifamatotra azy ireo miaraka isika, amin'izay fotoana izay dia jereo hoe aiza no misy azy, hitanareo. Ankehitriny, ary tsy fantatro hoe ho inona ny sisa amin'izy ireo, hatramin'izao. Saingy fantatro fa tsy maintsy miditra tanteraka ao mihitsy izany, satria izany no Fahamarinana. Izany no Fahamarinana. Izany no laharam-boninahitry ny fiangonan'i Roma, marina tokoa.

102 Ireo olona izay mihevitra fa ireo Jiosy no antikristy, dia any amin'ny iray tapitrisa maily ivelan'ilay laharana tokoa izy ireo. Aza mihevitra mihitsy fa ireo Jiosy no antikristy. Nohajambaina ny mason'izy ireo, fanahy iniana, mba

ahafahantsika hahazo fomba iray hidirana, manome antsika fotoan'ny fibebahana iray.

103 Fa ny antikristy dia Jentilisa iray. Izany tokoa. Mpaka tahaka iray an'ny Fahamarinana izany; *anti*, "manohitra." Ankehitriny, ity olombe malaza ity, oh, toy ny ahoana no nahatonga azy ho lehilahy malaza iray, ary—ary avy eo dia nomena seza fiandrianana tamin'ny farany. Ary avy eo, rehefa avy nomena seza fiandrianana, dia nomena satroboninahitra izy. Ary ankehitriny, izy, taorian'izany, dia nivavahana izy teo amin'ny toeran'Andriamanitra.

104 Ankehitriny, jereo, alohan'ny ahatongavan'izany mihitsy. Te-hanontany zavatra aminareo aho. Iza io? Inona Ilay teo ambonin'i Paoly, ao amin'ny Tesaloniana Faharoa 2:3, izay nilaza fa ho tonga io lehilahy io? Nahoana io lehilahy io no nijery nanerana an'ilay taona ka nahita an'izany? Mpaminanin'Andriamanitra izy. Izany tokoa. Nahoana no . . .

105 Hoy izy hoe, "Ny Fanahy dia milaza marina, fa amin'ny andro aoriana dia hiala amin'ny finoana izy ireo, ka hanaiky ny mamitaka . . . " Fantatrareo hoe inona ny *mamitaka*. Fanahy mamitaka iray ao amin'ny fiangonana, ny mpitondra fivavahana izany. "Mamitaka, fanahin'ny mpitondra fivavahana, fiasandevoly; fihatsarambelatsihy ao amin'ny fiangonana."

106 "Kirina, mpieboebo," fahendrena, hitanareo, manantsaina, mahay; "manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra." (Mandeha fotsiny, manao hoe, "Eny, Kristiana izahay; tokony handeha any am-piangonana izahay.") "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà an'ireo fanambarana, ny Hery sy ny fiasan'ny Fanahy; alaviro ireny." Hitanareo? Mariho ankehitriny, hoy izy hoe, "Fa isan'izany izay handeha hitety trano, ka hitarika vehivavy adaladala . . . " Izany tsy midika hoe ireo vehivavy feno ny Fanahy Masina. "Vehivavy adaladala izay entin'ny filàna maro."

107 Filàna maro! Tian'izy ireo fotsiny ny miditra ao amin'ny zavatra kely izay azon'izy ireo idirana, ary ny karazana fikambanana rehetra; ary miaina amin'ny fomba rehetra izay tian'izy ireo iainana, nefa, mbola, "Mandeha any ampiangonana izahay. Tsara tahaka ny olona rehetra mihitsy izahay." Dihy, fety, manapaka ny volony, mandoko, mitafy ny zavatra rehetra izay tian'izy ireo tafiana; mbola, "Izahay dia—Pentekotista izahay. Izahay dia—tsara mihitsy tahaka ny olona rehetra izahay." Oh! Ireo asanareo manokana no manondro anareo. Marina. Mariho.

108 Fa hoy izy hoe, "Olona diso hevitra, mikasika ny Fahamarinana." Inona ny Fahamarinana? Ny Teny, izay Kristy. "Mikasika ny Fahamarinana."

109 "Oh, ianao manao. . . Ianao, mpanenjika mafy ny vehivavy ianao. Mpankahala vehivavy ianao. Ianao manao an'*ity*, *itsy*."

110 Tsia, tompoko. Tsy marina izany. Izany dia—dia lainga. Tsy mankahala vehivavy aho. Tsia, tompoko. Anabaviko izy ireo, raha anabavy izy ireo. Fa ilay zavatra izay izaho . . .

111 Manitsy ny fitiavana. Raha tsy manitsy izy, dia tsy fitiavana. Raha izany izy, amin'izay fotoana izay, raha fitiavana ilay izy, ilay izy dia—ilay izy dia fitiavana fileo fa tsy agape, ho teneniko aminareo izany. Mety manana fitiavana fileo kely izy ireo ho an'ny ramatoa iray tsara tarehy. Fa zavatra iray hafa ny fitiavana agape, izany dia fitiavana iray izay manitsy an'ilay zavatra, ary mihaona amin'Andriamanitra any ho any izay ahafahantsika ho velona Mandrakizay. Hitanareo? Tsy te-hiteny an'izany aho, angamba, amin'ny fomba nandrenesana azy, saingy izaho . . . Fantatrareo izay izaho—izaho . . . Manantena aho fa azonareo. Eny àry.

112 Ankehitriny, fa, tsarovy, hoy izy hoe, "Tahaka an'i Jana sy Jambra nanohitra an'i Mosesy, dia ho toy izany koa izy ireo. Fa ho voaseho tsy ho ela ny hadalany."

113 Nahoana? Rehefa nirahina hanao zavatra iray izay toy ny hoe mahery i Mosesy, saingy, nandeha tany izy mahitsy fo mihitsy arak'izay vitany. Ary Andriamanitra niteny taminy mba haka an'io, io tsora-kazo io, ka hanipy azy, ary nivadika ho menarana iray izany. Avy eo, Nataony izany, mba haneho aminy an'izay hiseho. Ary teo anatrehan'i Farao, nitsangana teo izy araka ny nanirahan'Andriamanitra azy mihitsy, dia nanipy an'io tsora-kazo io, ka nivadika ho menarana iray izany.

114 Ary tsy isalasalana, fa hoy i Farao hoe, "Fitapitaka mora an'ny mpanao majika!" Noho izany dia mandeha izy ary maka ny Jana sy Jambrany. Hoy izy ireo, "Izahay dia afaka manao an'ireo zavatra ireo, ihany koa." Ary natsipiny ilay tsora-kazo, ary nivadika ho menarana izy ireo.

Ankehitriny inona no azon'i Mosesy natao?

115 Inona izany? Izany no naneho fa, ny zavatra tena izy an'Andriamanitra, dia manana mpaka tahaka iray an'izany ny devoly. Maka tahaka izy ireo, hanala ny olona amin'ilay làlana.

116 Inona no nataon'i Mosesy, nanao ve hoe, "Eny, ataoko fa nanao fahadisoana iray aho. Tsaratsara kokoa ho ahy ny miverina"? Nijanona tsara fotsiny izy, satria nahatanteraka ny fanirahiny, ara-bakiteny.

117 Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia nihinana an'ilay iray hafa ny menaranan'i Mosesy. Hitanareo? Efa mba noeritreretinareo ve hoe lasa inona io menarana hafa io? Lasa aiza izy? Nalain'i Mosesy ilay tsora-kazo ka nandeha niaraka tamin'izany izy. Nanao fahagagana tamin'izany izy. Ary io

menarana io dia tao anatin'io tsora-kazo hafa io. Hitanareo? Mahafinaritra izany. Sa tsy izany? Eny, tompoko.

118 Ankehitriny, tonga ao amin'ny hazavana ny antikristy, tsikelikely. Tiako ianareo hanamarika an'ity. Ankehitriny, rehefa mandre ianareo . . .

119 Ankehitriny, ho an'ireo sakaizako Katolika, mipetraha tsara mihitsy iray minitra fotsiny, ary ankehitriny; ary avy eo dia ho hitantsika hoe aiza ireo Protestanta; aiza isika rehetra, hitanareo.

120 Mariho, ny fiangonana voalohany, rehefa milaza ny fiangonana Katolika fa izy ireo no voalohany, ilay fiangonana tany am-boalohany, dia marina tokoa ny azy ireo. Izy ireo izany. Nanomboka tany amin'ny Pentekosta izy ireo. Teo no nanombohan'ny fiangonana Katolika. Ankehitriny, zara aho raha nino an'izany indray mandeha, mandra-pamakiako ny tantara, ka hitako fa marina izany. Nanomboka tany amin'ny Pentekosta izy ireo. Saingy nanomboka nivily izy ireo, ary hitanareo hoe aiza no misy azy ireo.

121 Ary raha mivily amin'ilay hafainganam-pandeha izay iviliany ankehitriny ny Pentekosta, dia tsy hila handeha roa arivo taona izy ireo. Afaka herintaona manomboka izao, dia ho lasa lavitra kokoa noho izay misy ny fiangonana Katolika izy ireo. Marina izany.

122 Fa mariho, ahoana, ity mpitaingina soavaly fotsy ity. Ankehitriny manao foto-kevitra an'ilay izy fotsiny isika, kely, mandra-pikasihantsika an'ity Tombokase ity. Mariho ankehitriny ilay mpitaingina soavaly fotsy, rehefa nivoaka izy, izy—manatanteraka ao amin'ny dingana telo izy. Ny devoly, araka ny noporofoiko taminareo indray hariva, dia ao anatin'ny trinite, tahaka an'Andriamanitra mihitsy. Saingy ilay devoly iray ihany foana ilay izy, ao amin'ny dingana telo. Mariho ireo dingany. Ao amin'ny dingana voalohany, dia tonga izy ao amin'ny . . .

123 Nilatsaka ny Fanahy Masina, ary nanana ny zavatra rehetra niraisana ny olona. Ary teo ambonin'izy ireo ny Fanahin'Andriamanitra. Ary nandeha nitety trano ireo apostoly, namaky ny mofo niaraka tamin'ny olona. Ary nisy ireo famantarana lehibe sy fahagagana niseho.

124 Ary—ary avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, nanomboka nanao fimenomenomana iray niseho i Satana.

125 Avy eo, afaka kelikely, ireo andevo sy mahantran'ny firenena, izay nandray ny Fanahy Masina, nandeha tany amin'ny toerana samihafa izy ireo, nijoro vavolombelona. Nijoro vavolombelona tamin'ireo tompony izy ireo.

126 Ary afaka kelikely, dia nanomboka tonga teo, oh, tahaka ny kapitenin'ny tafika sy—sy olona samihafa. Nanomboka

nahita an'ilay herim-po ny manan-kaja, sy ireo fahagagana sy famantarana izay nataon'ireo olona ireo, noho izany dia nanaiky ny Kristianisma izy ireo.

127 Eny, noho izany, hitanareo, rehefa manaraka ny Kristianisma izy ireo, ary mandeha eo amin'ny toerana iray izay ivorian'izy ireo, ao amin'ny efitra tranainy kely maizina, matromatroka; ary mitehaka ny tànany, sy mihiakiaka, ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, dia mandray hafatra. Nahoana, tsy afaka mitondra an'izany mankany amin'ny— ny mpifaninana aminy izy, na inona na inona ilay izy, ao amin'ny fandraharahany. "Tsy hino an'Izany mihitsy izy, tahaka an'izany." Tsia tokoa. Noho izany, tsy maintsy mandamina an'Izany izy. Noho izany dia manomboka mivory miaraka izy ireo, ary manomboka mieritreritra hoe, "Ankehitriny dia hanao zavatra iray samihafa kely isika."

128 Ary Jesosy, teo no ho eo mihitsy, tao amin'ilay taom-piangonana voalohany, dia niteny tamin'izy ireo Izy. Ao amin'ny toko faha-2-n'ny Apokalypsy eto hoe, "Manana zavatra anoherana anao ihany Aho, noho ireo asan'ny Nikolaita ireo."

129 *Niko,* "mandresy" ny mpivavaka. Amin'ny teny hafa, dia tian'izy ireo ny hanao, raha tokony ny olona rehetra ho anankiray, dia tian'izy ireo ny hanao lehilahy masina iray. Tian'izy ireo ny hanao karazan'ny . . . Tian'izy ireo ny hanao modely an'izany ao amin'ny fanompoan-tsampy, avy teo amin'izay nivoahan'izy ireo, ary farany dia nataon'izy ireo izany.

130 Diniho ankehitriny. Voalohany, "Nikolaita." Ny *Nikolaita* dia nantsoina, ao amin'ny Baiboly hoe, "antikristy," satria manohitra an'ilay Foto-pampianarana tany am-boalohany an'i Kristy sy ireo apostoly izy.

131 Tsy te-hiantso ny anaran'io lehilahy io aho. Lehilahy malaza iray izy. Saingy tany amin'ny fivoriany aho, teto taona vitsy lasa izay. Ary fantany fa teo aho, satria nandray ny tànany aho. Ary hoy izy hoe, "Oh, fantatrareo, manana an'ilay karazana izay antsoin'izy ireo hoe Pentekotista isika androany." Dia hoy izy hoe, "Izy ireo, miantehitra amin'ny Bokin'ny Asa izy ireo." Ary hoy izy hoe, "Hitanareo, ny Asa dia fitaovam-pananganana ho an'ilay Fiangonana fotsiny ihany."

132 Azonareo eritreretina ve, ny lehilahy iray izay nianatra ny Baiboly, lehilahy antitra iray mahery fo, ary efa nianatra ny Baiboly tahaka ny nianaran'ity lehilahy ity, nefa avy eo hanao fanamarihana iray tahaka an'izany? Izany dia mitovitovy, izany tsy . . . Izany—tsy mitovitovy akory amin'ny Fanahy Masina aza izany. Eny, tsy mety ho izany ilay izy, na aiza na aiza.

133 Satria, ny olona rehetra miaraka amin'ny fahazoana tsotra dia hahafantatra fa ny Asan'ny Apostoly dia tsy asan'ireo apostoly. Izany dia ireo asan'ny Fanahy Masina tao amin'ireo apostoly. Tsy fantatrareo ve hoe ahoana no nanaovantsika

modely an'izany tao amin'ireo taom-piangonana? Ireo Zavamanan'aina nipetraka teo, niambina an'io Sambofiara teo io. Matio, Marka, Lioka, ary Jaona, nitsangana teo, niambina an'Izany. Ary izay nitranga Tao anatiny tao, araka ny vokatry ny soratr'i Matio, Marka, Lioka, ary Jaona.

134 Izany no nametrahan'ilay hazo ny...namoahany ny rantsany voalohany, ary izany no nitranga. Ary raha mba hamoaka rantsana hafa iray io hazo io, dia hanoratra bokin'ny asa hafa iray izy ireo taorian'izany. Satria, hitanareo, ilay Aina iray ihany no tsy maintsy ho ao amin'ilay zavatra iray ihany.

135 Noho izany ankehitriny, amin'izao andro izao, rehefa mijery an'ireo fiangonantsika ara-anaram-piangonana isika, Metodista, Batista, Presbyterana, Loterana, Fiangonan'i Kristy (mody antsoina), ary ireo Pentekotista sy ny sisa, dia aiza no ahitantsika an'izany? Tsy mahita an'izany ianareo.

136 Hanaiky aho fa ireo Pentekotista no manana an'ilay zavatra mifanakaiky indrindra amin'Izany, izay misy, satria eto ambony eto izy ireo ao amin'ny Taonan'ny Fiangonana Laodikiana. Nanana ny Fahamarinana izy ireo nefa nandà an'Izany. Lasa matimaty niaraka tamin'Izany izy ireo, ka naloan'Andriamanitra avy tamin'ny Vavany. Araka ny Soratra marina tokoa izany.

137 Tsy afaka manao an'ireo Soratra ireo handainga ianareo. Hitanareo? Izy ireo dia ho marina tanteraka, isan'andro. Aza miezaka ny...Ny zavatra tokana, dia aza miezaka mampifanitsy ny fisainanareo eo amin'ny...na ny Soratra amin'ny fisainanareo. Fa mi-...ampifanitsio amin'ny Soratra ny tenanareo. Izany dia, amin'izay fotoana izay dia mandeha miaraka amin'Andriamanitra ianareo. Tsy mampaninona na firy no tsy maintsy esorinareo, na apetrakareo eny amin'ny ilany, mifanitsia amin'Izany. Hitanareo?

138 Jereo izay nataon'Izany tamin'ny fotoana voalohany Nilatsahany. Eny, raha nihetsika tahaka an'izany Andriamanitra tamin'ny fotoana voalohany, dia tsy maintsy mihetsika tahaka an'izany Izy amin'ny fotoana faharoa. Tsy maintsy mihetsika tahaka an'izany Izy amin'ny fotoana rehetra, raha tsy izany dia diso ny Nihetsehany tamin'ny fotoana voalohany.

Hitanareo, isika amin'ny maha-mety maty, dia afaka manao fahadisoana isika. Andriamanitra tsy afaka.

139 Ny fanapahan-kevitr'Andriamanitra voalohany dia tanteraka. Ary ny fomba Nofidiany hanaovana zavatra, dia tsy mety hisy fomba hafa, tsaratsara kokoa. Tsy afaka manatsara an'izany Izy, satria tanteraka izany, eo am-panombohana. Raha tsy izany ilay izy, amin'izay fotoana izay dia tsy tsi-manampetra Izy. Ary raha tsi-manam-petra Izy, amin'izay fotoana izay dia faratampon'ny fahaizana Izy. Ary raha faratampon'ny

fahaizana Izy, dia faratampon'ny hery Izy. Amena! Tsy maintsy ho izany Izy, mba ho Andriamanitra. Hitanareo? Noho izany ianareo—tsy afaka milaza ianareo, ankehitriny hoe, "Nianatra amboniny Izy." Tsy nianatra amboniny Izy, Izy no—Izy no tena loharanon'ny fahendrena rehetra. Hitanareo?

140 Ny fahendrentsika eto dia avy tamin'i Satana. Nolovaintsika avy tany Edena izany, izay nanoloantsika ny finoana ho fahendrena. Eva no nanao an'izany.

141 Ankehitriny, izy dia nantsoina aloha hoe antikristy. Ny dingana faharoa, dia nantsoina hoe mpaminany sandoka izy, satria io fanahy izay teo anivon'ny olona io dia lasa tafatsofoka.

142 Tsaroanareo, tsy nanana satroboninahitra ilay mpitaingina soavaly fotsy ankehitriny rehefa nanomboka izy, fa avy eo izy vao . . . nomena satroboninahitra iray. Nahoana? Fanahin'ny Nikolaita izy, eo am-panombohana; ary avy eo dia lasa tafatsofoka tao anatin'ny lehilahy iray; ary avy eo dia nasiana satroboninahitra izy, ary nahazo seza fiandrianana iray ka nasiana satroboninahitra. Ary avy eo dia niasa tamin'izany nandritry ny fotoana ela izy, araky ny ho hitantsika raha isika . . . an'ireo Tombokase mivaha.

143 Ary avy eo dia hitantsika, taorian'io fotoana ela io, dia voaroaka avy tany An-danitra i Satana. Dia nidina izy, araka ny Soratra, ary nanao seza fiandrianana ho an'ny tenany. Eritrereto fotsiny, nanao seza fiandrianana ho an'ny tenany izy tao anatin'io lehilahy io, ary lasa bibidia iray. Ary nanana fahefana izy, fahefana faratampony, tahaka ny nataony, tamin'ireo fahagagana sy ny zavatra rehetra, izay—izay, na ireo famonoana sy ady mihoson-drà sy ny zavatra rehetra izay—izay azon'i Roma novokarina. Eny àry. Namono izy tamin'ny alàlan'ny fanasaziana tsy mifaditrovana, Romana. Izao fotsiny, oh, toy ny ahoana no ahafahantsika mampiditra Soratra sasantsasany eto!

144 Tsarovy, Jesosy Kristy dia maty teo ambanin'ny fanasazian'i Roma, fanasaziana lehibe.

145 Ny Hafatra izay ananako ato am-poko, ho toriana eto amin'ny fivoriana manaraka, ny Zoma Masina tolakandro, miresaka zavatra telo, efatra, hitanareo. "Teo izy ireo no nanohombo Azy." "*Teo*," ny toerana masina indrindra, ara-pivavahana indrindra teto amin'izao tontolo izao dia Jerosalema. "*Izy ireo*," ireo olona masina indrindra (natao ho) teto amin'izao tontolo izao, ireo Jiosy. "Teo izy ireo no *nanohombo*," ilay fanasaziana tsy mifaditrovana indrindra izay azon'i Roma novokarina. "Nanohombo *Azy*." Inona? Ilay Olona lehibe indrindra izay hany velona. "Teo izy ireo no nanohombo Azy." Oh, oadray!

146 Hanampy ahy anie Andriamanitra hitondra an'Izany ao amin'io andiana mpandraharaha io, mandra-pahatonga azy ireo afaka hahita hoe aiza izy ireo no mitsangana. Eny àry.

Ankehitriny, tsy ny ho hafa, tsy ny ho ratsy fanahy; fa hanevaheva an'Izany, mandra-pahatongan'ireo rahalahy ireo afaka hahita fa ireo manan-kajany sy ray masiny, sy ny sisa izay soratan'izy ireo amin'io gazetin'ny Business Men io, dia fahadalana. Ny Kristiana dia tsy natao hiantso olona iray hoe "Ray." Manomboka indray izy ireo, niezaka aho hanampy azy ireo amin'ny zavatra rehetra izay vitako (Hitanareo ankehitriny hoe aiza no andehanan'ity horonam-peo ity.), noho izany, dia nahavita aho, tsy hanana na inona na inona hafa hatao amin'izany tokoa aho. Eny àry. Voalohany, tsarovy Kristy.

147 Voalohany, amin'ny maha-Nik- . . . Nikolaita, ary inona no nangatahan'ny taona Nikolaita? Nangataka izy mba hiala lavitra an'ireo andian'olona izay mihiakiaka sy mitehaka ny tànany ireo, sy toy ny hoe fahafaham-baraka; tahaka ny nataon'izy ireo tamin'ny Pentekosta, nihetsika tahaka ny olona mamo, nivembena tao amin'ny Fanahy, sy ny sisa. Tsy nila ny iray tamin'io karazan-javatra io izy ireo. Nilaza izy ireo fa mamo izy ireo. Ary rehefa ilay manan-daza . . . Henoy! Aza diso an'ity. Mety ho toy ny adala ilay izy aminareo, saingy izany no Fahamarinana. Rehefa ireo—nanomboka tonga ireo manan-kaja, dia tsy afaka nietry hatreo amin'izany izy ireo.

148 Ny manao an'Andriamanitra ho goavana, dia satria tena goavana Izy mba hietry. Izany no manao Azy ho goavana. Tsy misy na inona na inona goavana kokoa. Ary nietry teo amin'ny ambany indrindra izay tsy ahafahan'ny olona iray mietry Izy, izay hany nietren'ny olombelona. Izy no Mpanjakan'ny Lanitra, nefa Izy dia tonga tao amin'ilay—ilay tanàna ambany indrindra teto an-tany, Jeriko. Ary lasa tena ambany Izy hany ka na dia ilay lehilahy fohy indrindra tao amin'ny tanàna aza dia tsy maintsy niondrika teo Aminy, mba hijery Azy. Marina ve izany? Zakaiosy. Marina izany. Nantsoina tamin'ny anarana ratsy indrindra izay azo iantsoana ny olombelona Izy, "mpamosavy iray, devoly iray, Belzeboba." Izany no niheveran'izao tontolo izao Azy. Maty tamin'ny fahafatesana tsy mifaditrovana indrindra. Tsy nanana toerana hametrahana ny Lohany. Voaroaka, tamin'ny rafi-pandaminana rehetra.

149 Fa rehefa nanandratra Azy Andriamanitra, tena avo hany ka tsy maintsy niondrika Izy hijery ny Lanitra. Hitanareo hoe ahoana, Andriamanitra, ao amin'ny fanetre-tena. Hitanareo? Ary Nomeny Anarana iray Izy tena lehibe ka ny fianakavian'ny Lanitra manontolo dia nandray ny Anarany, ary ny fianakaviana rehetra an'ny—ny tany. Ny fianakaviana rehetra eto an-tany dia antsoina hoe "Jesosy." Ny fianakaviana rehetra any Andanitra dia antsoina hoe "Jesosy." Ary Anarana iray tahaka an'izany, ka, handohalika ny lohalika rehetra, ary ny lela rehetra dia hiaiky, fa Izy no Tompo; na eto na ao amin'ny helo. Hiankohoka eo amin'izany ny helo. Ny zavatra hafa rehetra dia hiankohoka eo amin'izany. Hitanareo? Fa fanetre-

tena aloha izany, avy eo dia lasa lehibe. Hitanareo? Aoka Andriamanitra no hanandratra. “Izay manetry ny tenany, no hasandratr’Andriamanitra.” Hitanareo?

150 Ankehitriny, mahamarika isika fa ity fanahy *niko* ity dia nila fahendrena, manan-tsaina kokoa. Tsy maintsy mandanjalanja an’izany izy, tahaka azy tao Edena, mandanjalanja manohitra ny Tenin’Andriamanitra, amin’ny alàlan’ny fahendrena, ary lavo tamin’izany ny fiangonana. Inona izany?

151 Ankehitriny, ndao ataontsika hoe, alaintsika ity fiangonana eto ity, ary alaintsika ny andian’olona tahaka antsika, raha tsy tena feno ny Fanahy ianareo. Ary ndao alaintsika, atao hoe. . . Ankehitriny, tsy misy na inona na inona manohitra ny ben’ny tanànantsika. Tsy mihevitra aho fa mahafantatra azy, Atoa. Bottorff. Mbola izy foana ve no ben’ny tanàna? Atoa. . . . Izaho tsy . . . Hitanareo? Izaho tsy . . . Atoa. Bottorff dia sakaizako tsara, hitanareo. Fa, atao hoe, ny ben’ny tanàna, sy ny tafiky ny polisy rehetra, ary—ary ireo maresaly rehetra, ary izy ireo—izy rehetra no tonga eto. Ny zavatra voalohany fantatrareo, raha manana zavatra kely iray ao anatin’ny lohany izy ireo, ka manomboka miresaka amin’ny komity sy ny olona manodidina eto, ary manao hoe, “Ankehitriny mba fantatrareo moa? Ity dia tokony ho hafa.” Raha tsy feno ny Fanahy ianareo, ary tsy manana lehilahy iray tena feno ny Fanahy ao ambadiky ny polipitra, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia hanaiky tanteraka azy ireo ianareo. Angamba tsy ity taranaka ity; angamba ilay taranaka manaraka.

152 Ary tahaka an’izany no nanombohany. Hitanareo? Nahoana? Nilaza izy ireo hoe, “Jereo eto. Mety tsara izany.” Ianareo, hihaino ianareo.

153 Atao hoe tonga eto ny lehilahy iray, izay afaka hilaza hoe, “Kely loatra ity fiangonana ity. Ndao isika hanorina fiangonana goavana iray. Izaho no hanorina anankiray ho anareo eto, izany dia. . . hitentina vola betsaka tokoa izany, antsasaky ny iray tapitrisa dolara. Izany no hapetraka ao. Izaho no hanao an’ilay zavatra eo amin’ny fampielezam-peo.” Rehefa manao an’izany izy ireo, amin’izay fotoana izay dia manana an’ilay famaky hanorotoroana izy ireo; in-tsivy amin’ny folo, fantatrareo, ny iray amin’ireo karazana ireo. Ny zavatra voalohany fantatrareo, avy eo, raha manao an’izany izy, dia izy no hitondra an’ireo zavatra ho mety amin’ny tenany. “Tsy afaka milaza na inona na inona ianareo, satria Rahalahy John Doe iry aoriana iry, izy no namatsy vola an’ity fiangonana ity.” Hitanareo? Ary avy eo dia manana Ricky kely iray ianareo avy any amin’ny seminera iray, izay mahafantatra betsaka kokoa an’Andriamanitra noho ny ahafantaran’ny Hottentot iray mikasika ny alina Egyptiana, ary ho tonga eo izy ka hanaiky tanteraka an’io zalahy io, satria mividy fiara vaovao iray ho azy foana izy, mamela azy hitsangatsangana, ary mividy ho azy an’*ity*, *itsy*, ary ny *hafa*.

154 Ankehitriny, toy izany marina tokoa no nanombohan'ilay izy. Marina. Mariho, fahendrena sy fananan-tsaina! Hoy izy ireo hoe, "Jereo eto ankehitriny, tsy marina fotsiny ve izao? Ankehitriny, ny . . . ireo—ireo vehivavinay, inona no fahasamihafana amin'izay anaovan'izy ireo ny volony?" Saingy ny Baiboly no milaza fa misy fahasamihafana iray. Alaivo fotsiny io zavatra anankiray io, ankoatr'ireo an-jatony amin'ny hafa. Hitanareo? Manao fahasamihafana iray izany. Andriamanitra no nilaza fa manao fahasamihafana iray izany, noho izany dia fahasamihafana iray izany.

155 Fa, hitanareo, raha manomboka manao izy ireo, ary ny komitin'ny mpitantan-draharaha, sy ireo diakona sy ny sisa, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia na miditra ilay pasitera na mivoaka. Izay ihany. Hitanareo, ny olona no mifidy an'izany hiditra. Eny àry.

156 Mariho ankehitriny, nanomboka nihetsika io fanahy io, ary ilay fiangonana izay, izay, nanana manan-kaja maro tao anatiny, zavatra goavana maro, ary vola betsaka no nanomboka, hany ka afaka kelikely dia nihaino azy izy ireo ka lavo tamin'izany, ilay toetra ratsin'ny devoly.

157 Ary izany ilay tena zavatra izay nataon'i Eva tao amin'ny sahan'i Edena. Ankehitriny, henoy izany. Marina izany. Jereo, ilay vehivavy ara-boajanahary, ampakarin'i Adama, talohan'ny nanatonany azy amin'ny maha-vady iray, dia lavon'ny teti-dratsin'i Satana manohitra ny Tenin'Andriamanitra, tamin'ny fandanjalanjana an'Izany. Talohan'ny niainan'i Adama niaraka tamin'i Eva amin'ny maha-vady iray, dia teo no namelezan'i Satana azy. Marina izany. Efa renareo *Ilay Hazo Ampakarina*, izay notoriako. Izany no miresaka ny amin'izany, hitanareo. Eny àry. Mariho ankehitriny, teo, lavo nohon'ny fandanjalanjana i Eva. Ankehitriny izy, Satana, dia niezaka nandanjalanja an'Izany.

Hoy izy hoe, "Saingy ny Tompo no nilaza . . . "

158 Hoy izy hoe, "Oh, fantatrao, saingy azo antoka fa tsy hanao an'izany ny Tompo. Hitanao? Ianao, mila ny ho hendry ianao. Mila mahafantatra zavatra ianao. Nahoana, tsy misy afa-tsy ankizy iray tsy mahay fotsiny ianao. Hitanao? Tokony hahafantatra zavatra ianao." Raha tsy izany i Satana! Oh, oadray!

159 Raha tsy izany ny sasany amin'ireo, moderina, hitanareo, "Oh, andiana holy-rollers fotsiny izy ireo. Aza miraharaha azy ireo, hitanareo. Aza mandeha . . . Hitanareo?"

160 Ankehitriny, ilay ampakarina ara-boajanahary, voalohany an'ny taranak'olombelona, talohan'ny nankanesan'ny vadiny teo aminy, dia lavo avy tamin'ny fahasoavana izy, nohon'ny fihainoana ny laingan'i Satana, rehefa avy nanamafy azy tao ambadiky Ny Teniny Andriamanitra. Raha nijanona tao

ambadiky ny Teny izy, dia tsy ho lavo mihitsy. Ankehitriny izany no ao amin'ilay ara-boajanahary, mariho, ilay vehivavy ara-boajanahary.

161 Ary inona ilay ozona, ilay tena ozona nohon'ny fivoahana avy tao ambadiky ny Tenin'Andriamanitra?

162 Tsarovy ankehitriny, nino ny teo amin'ny valo amby sivifolo isan-jaton'Izany izy. Saingy mila mamela Zavatra anankiray handeha fotsiny ianareo. Hitanareo? Nino ampahany betsaka an'Izany izy. Oh, izany tokoa. Nilaza an'Ity izy, dia nanaiky i Satana fa marina Izany. Raha afaka mahazo anareo eo amin'ny zorony anankiray fotsiny izy, dia izay ihany no ilainy. Hitanareo? Ny zavatra tokana tokony hataonareo dia ny manome fiviliana kely iray ho an'ilay bala tahaka an'*izao*, dia ho diso an'ilay fikendry izy. Hitanareo? Izay ihany. Ankehitriny, nino ny betsaka an'Izany izy, kanefa dia diso an'izany.

163 Ankehitriny, ary ireo—ary ireo vokany, satria nialany ny Teny, ho an'ny pentina fandanjalanjana kely anankiray.

164 Eny, atao ankehitriny hoe, "Ahoana ny amin'ireo vehivavy?" Na, "Nahoana ianao no te-hiresaka mikasika zavatra tahaka an'izany?" Saingy ireo zavatra kely rehetra ireo. "Inona no fahasamihafana, na izany no porofo voalohany?" Zavatra iray izany amin'ilay izy! Ianareo dia . . .

165 Izany dia tokony hahitsy. Efa nanombatombana teo amin'Izany isika, nandritr'ireo taona fiton'ny fiangonana, saiky. Fa tonga ny ora izay itenenan'Andriamanitra an'Izany. Ary tsy miteny an'Izany fotsiny ihany Izy, fa Asehony Izany, sy amarininy Izany, ary porofoiny Izany. Marina izany. Raha tsy manao an'izany Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy Andriamanitra izany, izay ihany. Mitsangana ao ambadiky Ny Teniny Andriamanitra.

166 Mariho ankehitriny. Ankehitriny, ilay vehivavy ara-boajanahary no nahatonga ny fahafatesana ara-boajanahary, satria nihaino fandanjalanjana izy, mba hanao ny tenany ho hendry, hanao ny tenany ho hendry raha tokony nijanona tao ambadiky ny Teny sy hanao an'izay notenenin'Andriamanitra taminy mba hatao. Nila fahendrena izy, sy ho hendry. Dia nihaino fandanjalanjana izy, ary—ary nariany ilay taranak'olombelona manontolo. Hitanareo?

167 Ankehitriny, amin'ity fotoana ity, ilay vehivavy ara-panahy, ilay Ampakarin'i Kristy izay nanomboka tamin'ny Andron'ny Pentekosta, niaraka tamin'ny Fiangonana apostolika voalohany, dia nanary an'ilay zavatra iray ihany tao amin'ny Fivoriamben'i Nise. Lee, fantatrao fa marina izany. Ary tao—tao amin'ny Fivoriamben'i Nise, rehefa nanakalo ny fizokiany ara-panahy izy, mba handray an'ireo fiangonana goavan'i Constantin sy ny sisa izay natolony azy ireo tany, ka nivarotra ny fizokiany ara-tSoratra ho an'ny andiana dogma Romana iray. Ankehitriny,

mafy izany ho an'ny Katolika. Saingy ny Protestanta dia nanao an'ilay zavatra iray ihany, ka maneho, eto amin'ny Baiboly eto, ho zanakavavy iray "an'ny mpijangajanga, an'ny mpivarotena." Marina tokoa izany, ny tsirairay avy amin'izy ireo! Tsy misy fialan-tsiny.

168 Fa avy ao dia efa nisy sisa nanamborana kely iray foana, hatramin'izay, izay mandeha mba hanao an'ilay Ampakarina.

169 Mariho, veriny ny fizokiany, hitanareo, talohan'ny nankanesan'ny vadiny teo aminy. Hitanareo? Talohan'ny mariazy, dia efa veriny ny fahadiovany.

170 Ary ankehitriny dia tsaroanareo eo, hoy izy hoe, "Mipetraka ho mpanjakavavy aho. Tsy mila na inona na inona aho," ao amin'io Taona Laodikiana eo io. "Manan-karena aho ary mitombo fananana, sy ny sisa. Ary, oh, ary izao tontolo rehetra izao dia mibanjina ahy. Izaho no fiangonana malaza, masina, sy ny sisa. Izahay dia tahaka an'*izao*," ilay taona manontolo.

171 Fa hoy Izy hoe, "Tsy fantatrao fa ianao dia mitanjaka, jamba, mahantra, ory, malahelo, nefa tsy fantatrao izany." Izany ilay toerana. Ankehitriny, raha ny Fanahy Masina no nilaza fa ho tahaka an'izany ilay toerana amin'ny andro farany, dia tahaka an'izany izy! Tsy misy fomba ihodinana an'izany. Tahaka an'izany ilay izy.

172 Diniho ankehitriny. Ankehitriny, rehefa nivarotra ny fizokiany izy tany, ny zòn'ny fahadiovany, an'ny Teny, dia inona no nataony? Rehefa nanao an'izany i Eva, dia veriny ny famoronana; lavo teo ambaniny ny famoronana manontolo.

173 Mariho ankehitriny, ary rehefa nanao an'izany ilay fiangonana, nanaiky an'ireo dogma raha tokony ny Fanahy sy ny Teny, dia izany no nanozona an'ilay rafitra manontolo. Ny rafitra ara-anaram-piangonana tsirairay izay hany nisy, na hany hisy, dia voaozona miaraka amin'izany, ary lavo, satria tsy misy fomba hafa.

174 Rehefa mampivory andian-dehilahy miaraka ianareo, mba handamina zavatra iray, ny anankiray dia mihevitra tahaka an'*ity*, ary ny anankiray dia mihevitra tahaka an'*itsy*, ary ny anankiray dia mihevitra tahaka an'*ity*. Dia apetrak'izy ireo miaraka ireo zavatra ary ahotsankotsany tsara, ary, rehefa mivoaka ilay izy, dia izay no itondranareo azy.

175 Izany marina tokoa no nataon'izy ireo tao amin'ny Fivoriambe Niseana. Izany marina tokoa no ataon'izy ireo ao amin'ny Metodista, Presbyterana, Fiangonan'i Kristy, sy ny sisa amin'izy ireo. Ary tsy misy olona, tsy mampaninona na inona no ambaran'Andriamanitra aminy, tsy maintsy mampianatra an'izany araka ny taratasin'izy ireo ianareo, ny fanekem-pinoany—izay lazain'ny fanekem-pinoany, raha tsy izany dia handroaka anareo izy ireo. Ankehitriny, aza miteny amiko. Efa tany aho, hitanareo, ary fantatro izany.

176 Ary izany marina tokoa no nitranga, noho izany dia voaozona ilay zavatra manontolo. Tsy mahagaga raha hoy ilay anjely hoe, "Mivoaha avy ao aminy, ry Oloko, mba tsy hahatonga anareo ho mpandray anjara amin'ny lozany." Satria, izy dia ho . . . Voaozona izy, ary tsy maintsy hiharitra ny ozon'ny fahatezeran'Andriamanitra eo aminy izy, satria nivarotra ny fahadiovany sy ny zòny izy. Hitanareo? Saingy . . . Oh, oadray!

177 Fa, tsarovy. Eo am-pahitana an'io toerana rehetra io, kanefa Andriamanitra dia nampanantena, ao amin'ny Joela 2:25, raha tianareo ny handray naoty an'izany, "Amin'ny andro farany . . . "

178 Rehefa hoy Izy hoe, "Izay sisan'ny kijeja, dia nohanin'ny sompanga; izay sisan'ny sompanga, ny—nohanin'ny valala; izay nohanin'ny valala . . . " Mitohy midina fotsiny, bibikely aorian'ny bibikely, no tonga ka nihinana an'ilay Fiangonana mandra-pahatonga Azy ho tsy nisy afa-tsy foto-kazo iray sisa tamin'ny farany. Diniho! Izay sisan'ny Romana, dia nohanin'ny Loterana; izay sisan'ny Loterana, dia nohanin'ny Metodista; ary izay sisan'ny Metodista, dia nohanin'ny Pentekotista; hitanareo, mandra-pahatonga azy nihena ho foto-kazo iray.

179 Ary mba fantatrareo moa? Alaivo ireo kankana ao ireo, ny valala sy ny sompanga, sy ny sisa, ary araho izy ireo manerana ny—ny boky, dia jereo. Izany dia ilay kankana iray ihany fa ao amin'ny dingana samihafa fotsiny.

180 Hazòny ny foto-kevitrareo. Toy izany koa ireto Tombokase ireto! Ireo kankana iray ihany izany. Hahita an'izany ianareo rehefa mamoaka azy isika, noho izany no hitenenako aminareo ankehitriny. Ilay kankana iray ihany izany, isan'andro. Efatra amin'ireo kankana ireo; efatra eto. Ary eo izy ireo, zavatra iray ihany izy ireo. Ilay fanahy iray ihany izany. Izay sisan'ny anankiray, no nohanin'ilay hafa; ary izay sisan'*ity* anankiray ity, no nohanin'ilay anankiray hafa; tahaka an'izany, mandra-panaon'izy ireo azy ho foto-kazo iray.

181 Fa hoy i Joela hoe, "Izaho no hamerina, hoy ny Tompo, an'ireo taona rehetra izay nohanin'ny sompanga."

182 Inona izany? Ahoana no Hanaovany an'izany; raha nanomboka izany, ho antikristy, tamin'ny fanoherana ny fampianaran'i Kristy, ka nanaiky ny dogma raha tokony ho ny Teny? Ary nandritr'ireo taona dia nitrandraka an'izany ireo mpanavao, hoy ny Baiboly.

183 "Fa amin'ny andro farany, amin'ny fitsofana . . . " Apokalypsy 10:1-7, hoy Izy hoe, "Hifarana ireo zava-miafin'Andriamanitra amin'ny andro farany, amin'ny fitsofan'ilay anjely fahafito." Malakia 4, no nilaza fa Izy dia "Haniraka an'i Elia mialohan'ny ahatongavan'ilay andro ratsy eto ambonin'ny tany, rehefa handoro azy tahaka ny fatana iray Izy. Ary izy no hamerina, sy hamerina an'ireo—ireo zavatra ho amin'ny Finoan'ireo ray," Ilay Finoana tany am-boalohany,

apostolika, Pentekotista dia nampanantenaina fa ho tafaverina. Ankehitriny, mazava mihitsy araka ny ahafahan'ny Soratra milaza azy izany. Ankehitriny dia nampanantenaina izany. Ary raha ao amin'ny andro farany isika, dia misy zavatra tsy maintsy hitranga. Hitanareo? Ary eo am-pitrangana izany, ka mahita an'izany isika.

184 Mariho ny triniten'i Satana. Ilay olona iray ihany no tonga; mitsofoka fotsiny, avy amin'ny anankiray mankao amin'ilay hafa. Tahaka an'izany no nataon'ireo bibikely ireo, ireo kankana ireo, anankiray mankao amin'ilay hafa, marina tokoa. Nikolaita, "antikristy ara-panahy." Papa, "mpaminany sandoka." "Bibidia," ilay devoly izy tenany, nitsofoka. Tsy afaka manao an'izany izy . . .

185 Ankehitriny, hazòny ao an-tsainareo izany ankehitriny, rehefa manaraka an'izao ianareo. Hahita an'ireo mpitaingina ireo tonga avy hatrany ao amin'izany ianareo. Hitanareo, mametraka sary iray aminareo aho eto. Raha nanana an'izany teo amin'ny solaitrabe iray aho, dia afaka hahazo an'izany tsaratsara kokoa ianareo. Hitanareo, mandinika aho.

186 Voalohany, ankehitriny. Tsarovinareo ity. Ny zavatra voalohany maha-izy azy, izy dia "fanahy antikristy." Jaona no niteny an'izany. "Rankizy madinika, efa miasa sahady eo amin'ny zanaky ny tsi-fankatoavana ny fanahin'ny antikristy." Hitanareo, efa nanomboka niandoha io zavatra io. Ary avy eo izany dia lasa karazana "teny iray," tao amin'ilay taom-piangonana manaraka. Ary ilay taom-piangonana manaraka, izany dia "foto-pampianarana iray." Ary ilay taom-piangonana manaraka, izy dia "nomena satroboninahitra." Ankehitriny tsy vakiana mazava mihitsy hatraiza hatraiza araky ny ahafahanareo mamaky azy ve izany? Hitanareo? Hitanareo, teo no nahatongavany.

187 Ankehitriny, voalohany, izy dia nantsoina hoe (inona?) "fanahy antikristy," satria nanohitra ny Teny izy. Izany no nanombohany azy. Izany marina tokoa no nanao an'ilay zavatra manontolo, dia ny niala tamin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy hoe satria mety nanome kapoka iray an'i Kaina i Eva indray andro. Hitanareo? Tsy izany no nanao an'ilay izy. Ny zavatra voalohany izay nanao an'ilay zavatra manontolo, dia hoe niala tamin'ny Teny izy. Niala tamin'ny Teny izy. Ary ny zavatra voalohany, izay nanomboka ny fijangajangana tao amin'ilay fiangonan'Andriamanitra velona, ny Ampakarin'i Kristy, dia niala tamin'ny Teny izy ka nanaiky ny dogma Romana raha tokony ho ny Tenin'Andriamanitra. Inona no nitranga tamin'ny rafi-pandaminana tsirairay? Nanao an'ilay tena zavatra iray ihany mihitsy izy.

188 Ankehitriny, fa nampanantenaina hoe amin'ny andro farany dia hanao làlana iray Izy mba hamerenana indray. Hidina

eto ambonin'ny tany ny Tenin'ny Tompo, araka ny Nanaovany azy tany amin'ny fiandohana, ary, oh, ary hamerina indray (inona?) an'izay nanomboka an'izany. "Manohitra ny Teny." Ary inona no natao hataon'ity lehilahy ity rehefa tonga izy, voahosotry ny Fanahin'Andriamanitra? Izy fotsiny "dia hamerina ny Finoan'ireo zanaka ho amin'ireo ray." Tahaka an'izany no Amerenany. Ary raha entinareo io Teny iray io ihany, ao amin'ilay toerana iray ihany izay misy Azy *Eto*, dia hanao an'ilay zavatra iray ihany Izy.

189 Hoy Jesosy hoe, "Raha avy amin'ny Ahy ny olona iray! Ary izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa." Ary rehefa nangataka Azy hanao zavatra sasantsasany izy ireo, dia hoy Izy hoe, "Izaho dia manao fotsiny an'izay asehon'ny Ray Ahy. Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy Hitako izany, aloha. Izay Hitako ataon'ny Ray, dia izany koa no Ataoko. Miasa ny Ray, ary avy eo dia miasa koa Aho." Hitanareo? Tsy hitanareo ve izany? Nahoana, izany dia tahaka ny mamaky gazety fotsiny. Hitanareo?

Ankehitriny, ankehitriny, voalohany, arak'izany, izy dia lasa "antikristy."

190 Ankehitriny, tsy mety ho antikristy amin'ny fanahy fotsiny ihany izy. Avy eo, lasa antikristy iray izy, ary io fanahy io dia naka lehilahy iray izay nampianatra an'ireo zavatra iray ihany izay nataon'io fanahy antikristy io, ary tamin'izay fotoana izay izy no lasa "mpaminany sandoka," an'ilay fanahy antikristy. Ankehitriny dia ahoana ny amin'ny lehilahy iray ao anatin'ny rafi-pandaminana iray? Ataovy izay mety aminareo. Tsy fantatro izay heverinareo mikasika an'izany. Eny àry.

191 Ankehitriny, farany, izy dia lasa "bibidia iray." Andraso ankehitriny, dia hiditra ao amin'izany isika afaka kelikely, hitanareo. Eny àry.

192 Ankehitriny, tahaka an'izany no isehoan'ny triniten'i Satana; Satana, isan'andro. Satana, "fanahy antikristy." Fanahy antikristy, nitsofoka, "mpaminany sandoka." Avy eo, dia lasa "ny bibidia." Hitanareo? Rehefa . . . Tsy demony iray, ilay tao anatin'io antikristy io; fa rehefa voaroaka i Satana izy tenany, dia midina izy ary maka ny toerana izay nisy an'ilay demony. Ny devoly, avy eo, amin'izay fotoana izay dia mitsofoka ao anatin'ny lehilahy iray ny devoly. Mamerina ny tenany fotsiny izany.

193 Izany no naha-izy an'i Jodasy Iskariota. Ary inona no nataony? Izy ve no iray tamin'ireo lehilahy izay nanohitra an'i Kristy? Nahoana, izy no mpitahiry vola, nandeha niaraka Taminy. Izany tokoa. Nandeha niaraka tamin'izy ireo mihitsy. Nandeha tany ka nandroaka devoly, ary nanao marina tokoa an'izay nataon'izy ireo.

194 Ary Kristy no Andriamanitra nitsofoka; Andriamanitra, nitsofoka tao anatin'ny nofo, Imanoela. Ary Jodasy no zanaky ny fahaverezana. Ary Jesosy no Zanak'Andriamanitra. Andriamanitra nitsofoka; devoly nitsofoka.

195 Ny olona sasany dia mahita hazo fijaliana telo fotsiny ihany tamin'io fotoana io. Nisy efatra tamin'izy ireo tany. Nisy telo teo Golgota, izay hitantsika. Izany dia Jesosy teo afovoany, mpangalatra iray teo Ankaviany, ary mpangalatra iray teo Ankavanany.

196 Ary diniho. Nilaza tamin'ilay hafa ny mpangalatra iray, na nilaza tamin'i Jesosy hoe, "Raha . . . " Ankehitriny, fantatrareo fa Izy no Teny. Fa, "Raha ianao no Teny, dia tsy hamonjy ny tenanao ve ianao? Tsy hanao zavatra mikasika an'izany ve ianao?"

197 Izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao. Tsy efa nandre an'ireo devoly tranainy ireo ve ianareo tonga, nanao hoe, "Raha mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ianao, dia *indro* ny mason'ny olona iray, tsy hanokatra ny mason'izy ireo ve ianao?" "Ataovy jamba aho! Ataovy jamba aho!" Io devoly tranainy iray io ihany. Hitanareo? "Midìna avy eo amin'ny hazo fijaliana, dia hino anao izahay." "Raha ianao no Zanak'Andriamanitra, dia ovay ho mofo ireto vato ireto." Ilay devoly iray ihany.

198 Manalavira fotsiny ianareo, hitanareo. Tsia. Tahaka an'izany no nanaovan'i Jesosy azy. Tsy nanao fampihomehezana ho an'ny iray tamin'izy ireo mihitsy Izy.

199 Nametraka vorodamba iray teo amin'ny Tànany . . . teo amin'ireo Masony sarobidy, tahaka an'*izao*. Ary naka tsora-kazo iray izy ireo, ka nikapoka Azy teo an-tampon'ny loha. Nanao hoe, "Teneno aminay! Raha mpaminany iray ianao, dia teneno aminay ankehitriny hoe iza no nikapoka anao." Nanova an'ilay tsora-kazo izy ireo, ny iray nankany amin'ny iray hafa. "Teneno aminay ankehitriny hoe iza no nikapoka anao, dia hino izahay fa mpaminany iray ianao." Tsy nanokatra ny Vavany mihitsy Izy. Nipetraka teo fotsiny Izy. Hitanareo? Tsy manao fampihomehezana Izy. Manao fotsiny arak'izay lazain'ny Ray Izy, hitanareo. Hitanareo? Avelao izy ireo hanao. Ho tonga ny oran'izy ireo. Aza manahy. Eny, Tompoko. Ankehitriny, nikasika ny Lambany izy ireo, tsy nahatsapa hery izy ireo.

200 Nefa vehivavy mahantra iray, no nanana ilaina, nikasika ny Lambany fotsiny. Nitodika Izy ka nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?" Ah-hah. Inona izany? Fikasihana hafa iray. Izany dia miankina amin'ny hoe ahoana no ikasihanareo Azy, hitanareo, hitanareo, izay inoanareo. Ankehitriny, hitanareo?

201 Ankehitriny, satria Satana dia handeha mba . . . nanatsofoka ny tenany, avy tamin'ny antikristy ho mpaminany sandoka ankehitriny. Ary tamin'ny andron'ny Jiosy, dia "antikristy," teo anivon'ilay fiangonana voalohany. Tao amin'ireo taona maizina,

izy dia lasa "mpaminany sandoka," ho an'izao tontolo izao. Hitanareo ve izy eo miaraka amin'ny "kapoakan'ny helony"? Ankehitriny, ho an'ilay taom-piangonana ankehitriny izany.

202 Fa ao amin'ny taona aorian'ny andehanan'ilay Fiangonana any an-Trano, dia lasa bibidia iray izy, lasa ny devoly nitsofoka izy, ilay dragona mena izy tenany. Oh, oadray! Tsy afaka mahita an'izay tiako lazaina ve ianareo? Mitsofoka ao anatin'ny olony izy amin'izay fotoana izay. Manao ny olony ho voafatotry ny fahefany izy. Ilay mpaminany sandoka no naminany azy ireo hiditra ao anatin'izany mihitsy. "Manome azy ireo fahaverezan-kevitra lehibe, mba hino lainga iray sy ho voaheloka amin'izany." "Mandà ny Teny; miaraka amin'ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra."

203 Andriamanitra dia miasa, amin'ny Toerany, ao amin'ny trinite iray. Fanamarinana; fanamasinana; ary manatsofoka ny Tenany ao amin'ny Olony, miaraka amin'ny batisan'ny Fanahy Masina.

204 Mitovy ihany, ny devoly dia ao amin'ny tandindona iray fotsiny, manahaka an'i Kristy. Oh, Satana manatsofoka ny tenany . . . Diniho ankehitriny. Satana . . .

205 Rehefa manatsofoka ny Tenany ao amin'ny Olony Jesosy, dia ilay tena Aina izay tao amin'i Kristy no ao amin'ilay olona.

206 Inona no hataony raha naka an'ilay aina avy tao amin'ny voaloboka iray ianareo ka nametraka an'izany tao anatin'ny voatavo mena iray? Tsy hitondra voatavo intsony izy; hitondra voaloboka izy. Ahoana moa raha naka an'ilay aina avy tao amin'ny hazo paiso iray ianareo ka nametraka an'izany tao anatin'ny hazo poara iray? Hitondra poara ve izy? Tsia. Hitondra paiso. Ilay aina no miteny aminareo hoe inona izy. Hitanareo?

207 Rehefa milaza ianareo, mandre ny olona milaza fa manana ny Fanahy Masina izy ireo, nefa mandà an'ity Teny ity, dia misy zavatra tsy mety ao. Ny Fanahy Masina no nanoratra an'ity Teny ity.

208 Ary Jesosy no nilaza an'izao, "Raha misy olona iray manana Ny Fanahiko ao anatiny, dia hanao an'ireo Asako izy." Tianareo ve ny hamaky an'izany? Tianareo ve ny handray naoty an'izany? Izany dia Masindahy Jaona 14:12. Hia. Eny àry. "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa. Hanao mihoatra noho izany aza izy, satria Aho mankany amin'ny Ray." Hitanareo? Noho izany dia Izy no manamasina sy manadio azy, mba ahafahany mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra. Milatsaka eo ilay teten-dranomainty, ary maka azy any ampitan'ilay hantsana. Hitanareo?

209 Diniho ankehitriny. Satana, rehefa manatsofoka ny tenany ao amin'ny olony izy, dia manao ny asa izay nataony izy ireo. Tsy hitanareo ve? Inona no nataony? Tonga avy hatrany teo amin'ilay vehivavy tsy manan-tsiny, mba hamitaka azy. Ary

izany marina tokoa no ataon'ny sasany amin'ireo devoly ireo, tonga eo amin'ny toerana iray mihitsy ka milaza . . . Manomboka ny pasitera kely iray, any ho any; miditra ary manao hoe, "Oh, raha mikambana aminay fotsiny ianareo!" Hah! Hah! Ilay asan'ny devoly iray ihany. Ankehitriny, izany no Fahamarinana! Ary rehefa lasa mitsofoka ao amin'ny fiangonany i Satana, mba ho devoly iray, amin'izay fotoana izay dia izy ireo no hany manao an'ilay famonoan'olona sy famonoana, sy ny sisa. Satria, Satana dia mpamono iray, eo am-panombohana; mpandainga iray ary ny . . . Hitanareo? Eny àry.

210 Inona no ataon'i Satana rehefa manao izy, rehefa lasa mitsofoka eo anivon'ny olona izy? Andraikiny ny ho fetsy. Fetsy izy. Zahao ny Baiboly, dia asehoy ahy hoe taiza Andriamanitra no mba hany nifanaraka tamin'ny olona mahay. Tadiavo izany, ka jereo raha tsy ireo mahay foana no azon'ny devoly. Teny goavana iray izany, saingy marina izany. Mihaika anareo aho mba handray ny—ny laharan-taranaka, manomboka amin'ny an'i Abela ka hatramin'i Kaina; ary, ireo taranaka efatra ambin'ny folo ireo, araho izy ireo, dia jereo hoe iza no lafiny manan-tsaina, ary iza no manetry tena. Ah-hah.

211 Nahoana Jesosy no tsy nifidy olona tahaka an'izany? Naka mpanjono sy lehilahy izay tsy afaka manasonia ny anarany manokana akory aza Izy, mba hametraka azy ireo ho lohan'Ny Fiangonany. Marina izany. Ny fahendrena dia—dia tsinontsinona; izany dia—izany dia manohitra an'i Kristy. Ny fahendren'izao tontolo izao dia manohitra an'i Kristy, isan'andro. Tsy niteny tamintsika mihitsy Jesosy mba handeha hanorina seminera; tsy nanao an'izany mihitsy Izy; hanana sekoly Biblika. Hoy Izy hoe, "Torio ny Teny! Torio ny Filazantsara!" Ary noho izany raha hoy Izy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino," hitanareo, ianareo dia tokony hanana ny . . . Amin'ny teny hafa, dia hoy Izy hoe, "Mandehana maneho ny Herin'Andriamanitra, amin'ny firenena rehetra."

212 Diniho ankehitriny. Andraikitr'i Satana ny mamadika ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny fandanjalanjan'ny fahendrena. Oh, oadray! Oh! Avy eo dia manisy marika ny olony izy, nohon'ny fandàvana ny Teny tany am-piandohana. Ankehitriny avelao io . . .

213 Sitrakareo ve—sitrakareo ve—sitrakareo ve ny haharitra amiko amboniny kely fotsiny, ka hahazo an'ity? Ity, tsy tiako ho diso an'ity ianareo. Mamelà ahy haneho aminareo an'ilay tandindona, mba ahafahanareo mahita azy rehetra ao amin'ny tandindona sy ao amin'ny Teny, sy ny sisa. Ianareo—ianareo tsy afaka . . . Tsy tokony hiala mifanjevo ianareo.

214 Ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa namidy ho andevo ny lehilahy iray. Misy ny taon-jobily iray tonga, isaky ny dimampolo

taona. Fahasivy amby efapolo taona, ary avy eo dia ny taon-jobily. Ary rehefa nandre an'io ny andevo iray, ka te-handeha ho afaka izy, dia misy—tsy misy na inona na inona afaka manakana azy tsy handeha ho afaka. Afaka manipy ny angadiny izy, ka manao hoe, "veloma é," miverina mody any an-trano. Naneno ny trompetra. Marina izany.

215 Fa raha tsy te-handeha izy, ka afa-po amin'ny tompony, amin'izay fotoana izay izy dia entina ao amin'ny—ny—ny tempoly, ka maka haoly iray izy ireo. . . Fantatrareo hoe inona ny haoly iray. Ary teren'izy ireo ny sofiny, ary asiany lavaka iray eo amin'ny sofiny. Ary marika iray izany, hoe tsy afaka hiverina intsony izy. Marina ve izany? Tsy maintsy manompo an'io tompo io mandritry ny fotoana rehetra izy. Tsy ahoako na mbola impiry no itsofan'ny jobily, na inona na inona mitranga. Izy dia efa tena—tena nivarotra tanteraka tokoa ny fizokiany, mba ho afaka.

216 Ary rehefa mandà ny Fahamarinan'ny Filazantsara ny olona iray, dia manisy marika azy i Satana (aiza?) eo amin'ny sofiny. Ataony marenina izy mba tsy ahafahany mandre ny Fahamarinana intsony, ary vita ny aminy. Mijanona miaraka amin'ilay vondrona izay iarahany izy, raha tsy te-handre ny Fahamarinana. Tsia.

217 "Ho fantatrareo ny Fahamarinana, ary ny Fahamarinana no hanafaka anareo." Hitanareo, ny Fahamarinana no manafaka.

218 Manisy marika ny Azy Andriamanitra rehefa tonga izy ireo. Manisy marika ny Azy Andriamanitra amin'ny fanamarinana Ny Teniny nampanantenaina amin'ny alàlan'izy ireo. Marina tokoa izany, Masindahy Jaona 14:12. Ary zavatra iray hafa, izay azonareo raisina naoty, Marka 16. Hoy Jesosy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino."

219 Ankehitriny ndao raisintsika fotsiny izany, iray minitra. Nivazivazy ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Ny Tiany lazaina fotsiny ve dia ireo. . . Ny Tiany lazaina fotsiny ve dia ireo apostoly, araka ny tian'ny sasany ho lazaina amintsika? ["Tsia."]

220 Diniho. Vakio ilay foto-kevitr'izany. "Mandehana ianareo mankany. . ." Aiza? [Hoy ny fiangonana hoe, "Any amin'izao tontolo rehetra izao."—Mpand.] "Any amin'izao tontolo rehetra izao." "Mitoria ny. . . ity Filazantsara ity amin'ny. . ." Inona? ["Ny olombelona rehetra."] "Ny olombelona rehetra." Tsy mbola ny iray ampahatelon'ilay làlana akory aza no vitan'izany. "Izao famantarana izao no hanaraka any amin'izao tontolo rehetra izao, amin'ny olombelona rehetra, na aiza na aiza itoriana an'ity Filazantsara ity. Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino," tsy hoe eran'ny tànana kely fotsiny.

221 Tahaka ny nolazain'ny olona iray tamiko indray mandeha hoe, "Ireo apostoly roa ambin'ny folo irery

ihany no nomen'Andriamanitra ny fanomezam-pahasoavana manasitrana. Ary . . . " Oh! Noho izany, maro tamin'ireo rahalahy no nipetraka teto rehefa nitsangana izy mba hilaza an'izany, hitanareo. Leo an'izany izy, afaka minitra vitsy.

222 Koa mariho ankehitriny, "Any amin'izao tontolo rehetra izao, amin'ny olombelona rehetra, izao famantarana izao no hanaraka."

223 Aza mandray ny mariky ny tsi-finoan'i Satana. Ankehitriny, hametraka an'izany eo aminareo izy izao hariva izao, raha afaka manao an'izany izy. Hanosika anareo eny amin'ny rindrina izy, ka hivoaka ianareo ary hanao hoe, "Tsy fantatro ny mikasika an'izany."

224 Mandehana any an-trano ka ianaro Izany, ary avy eo dia aoka ho tso-po, ary mivavaha. Satria, ny zavatra rehetra dia tena—tena ara-tSoratra tanteraka tokoa amin'izao ora izao mihitsy, izao ora masin'ny fotoana izao. Efa natao izany nandritr'ireo taona, voaporofo, tonga eo amin'izany mihitsy. Ary izao no ora. Izao no fotoana.

225 Ary aza mamela azy hanosika an'izany ao amin'ny sofinareo ankehitriny, ny mariky ny tsi-finoany. Hitanareo? Satria, tsi-mpino iray izy, eo am-panombohana. Nisalasala an'Izany izy. Eny àry. Oh, aza mamela akory aza . . . Aza mamela azy handray ny Soratra, miaraka amin'ny fahendreny, ka—ka manodina an'Izany sy mamadika an'Izany miaraka amin'ny fahendreny manokana, ao amin'ny herin'ny fandanjalanjana. Aoka hanetry tena fotsiny, ka manaova hoe, "Andriamanitra no niteny an'izany, ary izay ihany no misy amin'izany." Ankehitriny, oh, ndao isika . . .

226 Ho lasa tara loatra isika, noho izany dia tsaratsara kokoa amintsika ny mijanona eto mihitsy ka—ka hanomboka.

227 Ankehitriny dia ndao isika handeha ao amin'ny Tombokase Faharoa. Rehefa ilay Zanak'ondry voavono, nitsangana no nanokatra an'ity, ary ilay Zava-manan'aina faharoa, mitovy amin'ny zanak'omby, no nanao hoe, "Avia, jereo hoe inona ny zava-miafin'ilay Tombokase." Hitanareo? Ankehitriny dia azontsika izany. Ny Zanak'ondry, tsarovy, no tsy maintsy manokatra ny Tombokase tsirairay. Ary ilay Zava-manan'aina faharoa . . .

228 Raha nahamarika an'izany ianareo, ao amin'ny fitohizan'izay efa nandalovantsika fotsiny, tamin'ireo taom-piangonana, ilay zavatra iray ihany. Ny faharoa . . . Voalohany dia liona iray; ny manaraka dia ny—dia ny . . . dia tahaka ny zanak'omby iray, na omby, na zavatra iray, hitanareo.

229 Ary hoy ity Zava-manan'aina ity hoe, "Avia, jereo," ankehitriny, ary rehefa nanokatra an'ilay Tombokase ny Zanak'ondry. Ary, tamin'izay fotoana izay, dia nandeha nijery izy. Ary rehefa niditra izy, dia inona no nitranga? Ndao

jerentsika izay hitany ankehitriny. "Avia, jereo." Misy zavamiafina iray voaisy tombokase eto, izay efa teto ankehitriny nandritry ny roa arivo taona, teo ho eo. Ndao jerentsika hoe inona izany.

230 Ankehitriny dia hitantsika eto fa izy dia nahita (inona?) soavaly mena iray nandroso. Ankehitriny, amin'ny fahazoako an'ity, amin'ny fahazoako, ity sabatra lehibe izay nananany teny an-tànany ity . . . Ankehitriny dia manana eo amin'ny zavatra telo eo isika ho jerena ankehitriny, mandritry ny eo amin'ny dimy ambin'ny folo manaraka, roapolo minitra. Ndao isika hamaky fotsiny ka hahita an'izay Lazainy eto. "Dia nivoaka . . . " Ny andininy faha-4.

> . . . *nivoaka ny soavaly hafa iray izay mena,* (ny iray voalohany dia fotsy): *ary ny fahefana dia nomena* ho *an'izay nitaingina azy mba hanaisotra ny fihavanana amin'ny tany, . . . mba hifamonoan'izy ireo: ary nomena* ho *azy ny sabatra lehibe iray.*

231 Ankehitriny dia misy mari-pamantarana eto, ka tiantsika ny hijery azy ireo tsara mihitsy. Fa, amin'ny fahazoako, ny tsara indrindra fantatro ankehitriny, hitanareo, dia efa nilaza mialoha an'ilay zavatra iray ihany Jesosy ao amin'ny Matio 24. Hitanareo? Hoy Izy hoe, "Ankehitriny handre ady sy filazana ady ianareo, ary ady sy filazana ady fotsiny, ary ady. Ary, fa," nanao hoe, "tsy mbola ny rehetra izany. Hitanareo, tsy mbola izany ilay fotoana." Hitanareo, nametraka fanontaniana telo tamin'i Jesosy izy ireo. Hitanareo? Ary namaly azy ireo tao amin'ny fanontaniana telo Izy.

232 Eo no misy betsaka amin'ireo rahalahintsika lasa misavoritaka tanteraka, miezaka mametraka . . . Ireo rahalahy Adventista, mikasika an'ireo, andro fahafito sy ny sisa, any, ny . . . "Loza ho an'izay bevohoka, izay mampinono, ary hikatona ireo vavahady amin'ny andro sabata," sy ireo zavatra tahaka an'izany. Oadray! Tsy mikasika an'ilay fanontaniana mihitsy akory aza izany, hitanareo, tsy mihitsy. Hitanareo?

233 Namaly an'izay nanontanian'izy ireo Izy, saingy Izy tsy—Izy tsy—tsy nampihatra an'izany rehetra izany tamin'ny andro farany. Hoy Izy hoe, "Ianareo dia handre . . . " Ankehitriny dia mifantoka amin'ity zavatra anankiray eto ity isika. Ho tonga eo amin'ny sasany betsaka amin'izany isika, afaka hariva vitsy. Jereo. Hoy Izy hoe, "Handre ady ianareo, sy filazana ady, sy ny sisa. Avy eo dia tsy io rehetra io no . . . Hitanareo, avy eo izy ireo dia—hiverina indray izy ireo, avy eo dia hanolotra anareo izy ireo, sy ny sisa tahaka an'izany. Ary ny rehetra, tsy mbola izany rehetra izany no izy."

234 Fa rehefa tonga teo amin'ny fotoana izay Hiresahany tamin'izy ireo Izy mikasika an'izay nanontanian'izy ireo Azy mikasika, "ny faran'izao tontolo izao."

235 "Rahoviana no hisy ireo zavatra rehetra ireo, rahoviana no tsy hisy vato iray hifanongoa? Ho inona ilay famantarana? Ary rahoviana no ho tonga, ny faran'izao tontolo izao?" Hitanareo, nanontany zavatra telo Taminy izy ireo.

Avy eo Izy rehefa tonga teo amin'ny hoe, "Ny faran'izao tontolo izao?"

236 Hoy Izy hoe, "Rehefa hitanareo fa mamoaka ny rantsany ny hazo aviavy, dia fantatrareo ankehitriny fa eo am-baravarana ilay fotoana. Ary Lazaiko aminareo marina tokoa, fa, tsy ho lany izao taranaka izao mandra-pahatanteraky ny rehetra." Ahoana no itiavan'ilay tsi-mahatoky, tsy manana ny fandikana, hiankina eo amin'izany! Hitanareo? Hoy Izy hoe, "Izao taranaka izao," tsy ilay taranaka izay Niresahany, "ilay taranaka izay nahita an'ilay hazo aviavy namoaka ny rantsany."

237 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra iray fotsiny aminareo aho. Izao fotsiny—mijere zavatra anankiray manatrika fotsiny eto mihitsy. Isiraely ankehitriny dia, ho an'ny fotoana voalohany nandritry ny dimanjato sy roa arivo taona, firenena iray. Ilay saina tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao dia mikopapaka any Jerosalema izao hariva izao. Ao amin'ny tanindrazany Isiraely.

238 Nisy rahalahy iray teto indray mandeha naniry ny ho misionera iray, nahatsapa ny handeha ho misionera ho any amin'ireo Jiosy. Hoy aho hoe, "Mety hahazo anankiray matetitetika ianao." Oh, ny olona dia mihevitra, fa ilay firenena manontolo! Tsia, tompoko.

239 Isiraely dia niova fo amin'ny maha-firenena iray, fa tsy amin'ny maha olona iray. "Firenena iray no ho teraka ao anatin'ny andro iray." Isiraely izany. "Ny Isiraely rehetra dia voavonjy." Tsarovy fotsiny izany. Paoly no niteny an'izany hoe, "Ny Isiraely rehetra dia voavonjy." Mariho ankehitriny, "Ny Isiraely rehetra." Marina tokoa izany.

240 Mariho ity ankehitriny. "Saingy," hoy Izy hoe, "rehefa mahita ny hazo aviavy ianareo, ary ireo hazo hafa rehetra, mamoaka ny rantsany." Diniho ankehitriny. Tsy mbola nisy mihitsy fotoana iray, nandritry ny dimanjato sy roa arivo taona, izay hany nahatongavan'ny Isiraely tao an-tanindrazany. Manana an'ilay horonan-tsary kely isika, hoe *Misasak'alina Latsaka Telo Minitra*, fantatrareo. Io izy, firenena iray, ilay kintan'i Davida misy tendrony enina, mikopakopaka, ary ireo zavatra rehetra ireo.

241 Efa mba nisy fotoana iray ve izay hananan'ireo anaram-piangonana fifohazana tahaka ny nananan'izy ireo tao amin'ireo taona vitsy farany? Ankehitriny dia ianaro fotsiny izany. Ao antrano isika.

242 Oviana no mba nivelaran'ireo anaram-piangonana teo ambanin'ny asam-panompoan'ny lehilahy iray, tahaka ny

nivelarany tamin'ny an'i Billy Graham; Metodista, Batista, sy ny sisa? Oviana no mba nisy lehilahy iray, zahao ny tantaranareo, izay mba nivoaka nankao amin'ny fiangonana mpanara-pototra, tamin'ny anarana miafara amin' ny h-a-m, tany aloha? Manontania fotsiny ianareo. A-b-e . . .

243 A-b-r-a-h-a-m-a. Jereo ankehitriny, ny anaran'i Abrahama [Amin'ny teny Anglisy Abraham—Mpand.] dia misy litera fito, A-b-r-a-h-a-m.

244 Fa ny Rahalahintsika Billy Graham, dia manana G-r-a-h-a-m, enina, fa tsy fito. Izao tontolo izao, any no itoriany teny, fiangonana ara-boajanahary.

245 Fiangonana ara-boajanahary, dia Lota, tany Sodoma. Ary rehefa nandeha tany ity lehilahy ity ka nitory teny, ary nanajamba azy ireo tamin'ny Filazantsara.

246 Fa nisy Anankiray Izay nijanona niaraka tamin'i Abrahama, ary Abrahama dia niantso Azy hoe, "Elohima, Tompo." Ankehitriny rehefa nahita telo tonga i Abrahama, dia hoy izy hoe, "Ny Tompoko."

247 Rehefa nahita roa tonga i Lota, dia hoy izy hoe, "Ireo tompoko." Io ilay fahasamihafanareo. Hitanareo ve ireo asan'ny triniteranareo? Hitanareo?

248 Hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota." Hitanareo ve izany? Mariho. Isao izany.

249 Ankehitriny, nisy Anankiray tonga teo amin'ilay Fiangonana ara-panahy, ny Ampakarina, Abrahama, izay tsy tany—tany Sodoma, teo am-panombohana. Ary diniho izay Nataony. Tsy nitory teny tahaka ny nataon'izy ireo mihitsy Izy. Nampianatra azy ireo Izy, saingy avy eo dia nanao an'ireo famantarana ireo teo anatrehany izy ireo. Nanao an'ilay famantarana Mesianika Izy. Nanatodika ny Lamosiny nankany amin'ny tranolay Izy, ka hoy Izy hoe, "Abrahama." Tsarovy ankehitriny, ny tena anarany, andro vitsy talohan'io, dia Abrama. Fa hoy Izy hoe, "Abrahama, aiza ny vadinao, S-a-r-a-h-a?" Andro vitsy talohan'io, dia nantsoina izany hoe S-a-r-a-y.

Hoy Abrahama hoe, "Ao anatin'ny tranolay izy, Aorianao."

250 Ary hoy Izy hoe, "Abrahama, Izaho . . ." Io indray ilay mpisolo anaranareo. "Hamangy anao Aho araka ny teny fikasana izay Nataoko taminao." Hitanareo hoe inona izany. Hitanareo? Lehilahy iray, niaraka tamin'ny vovoka teo amin'ny Akanjony, nihinana henan-janak'omby, sy nisotro ronono avy tamin'ny ombivavy, ary nihinana mofo katsaka. Eny, tompoko. Andriamanitra, Elohima, voaseho tao amin'ny nofo!

251 Nampanantenaina, amin'ny andro farany, mba haneho ny Tenany ao amin'ny nofo indray! Mariho.

"Abrahama, aiza ny vadinao, Saraha?"

"Ao anatin'ny tranolay izy, Aorianao."

Hoy Izy, "Hamangy anao Aho."

252 Ary ilay ramatoa, mazava ho azy, satria zato taona, dia somary nihomehy irery izy; tao ambadik'ilay tranolay ankehitriny, tao ambadik'ireo lamban'efitra tao anaty tranolay. Hoy izy hoe, "Izaho, vehivavy antitra iray." Eny, efa nitsahatra tamin'izany izy ireo, amin'ny maha-vady lahy sy vady vavy, nandritry ny taona maro, fantatrareo, satria zato taona izy, ary—ary—ary izy sivifolo. Hoy izy, "Tsy hitranga mihitsy izany."

253 Dia hoy Izy hoe, "Nahoana izy no nihomehy?" Fioo! Niaraka tamin'ny Lamosiny nitodika nankany amin'ilay tranolay, "Nahoana izy no nihomehy, nanao hoe, 'Ahoana no hampety an'ireo zavatra ireo?'" Hitanareo, naneho famantarana iray taminy Izy.

254 Ankehitriny dia mampanantena Izy fa izany dia hiverina amin'ny andro farany, indray.

255 Ary nandeha nankany ireo lehilahy roa ka nitory ny Teny, ary niteny tamin'izy ireo mba hivoaka avy ao; ho may ilay toerana, sy ny sisa. Ary may izany. Ary nivembena i Lota; ilay fiangonana ara-boajanahary, tao anatin'ny fahotana, sy tao anaty fotaka, kanefa nitolona hatrany tao amin'ireo fandaharan'ny rafi-pandaminany. Fa ilay Ampakarina . . .

256 Tsy nandeha nankany amin'izy ireo mihitsy io Lehilahy anankiray io. Nandeha fotsiny Izy ka niantso an'ilay tandindona Ampakarina. Ankehitriny dia ao amin'ny andro farany isika. Hitanareo? Mariho ankehitriny.

"Nilaza ve ianao teo hoe, 'Andriamanitra, voaseho tao amin'ny nofo'?"

257 Jesosy no nilaza, Izy tenany hoe, "Ahoana no anamelohanareo Ahy?" Nanao hoe, "Tsy voasoratra ao amin'ny Baibolinareo ve, ny lalànareo, fa izy ireo, ireo mpaminany, izay nahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra . . . " Hoy Jesosy hoe, "Ny Teny dia tonga amin'ireo mpaminany," satria Izy dia ara-tSoratra ao amin'ny zavatra rehetra. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny, dia ny Tenin'Andriamanitra no milaza, fa, 'Ny Teny dia tonga amin'ireo mpaminany.' Ary ianareo dia niantso azy ireo hoe 'andriamanitra,' satria tonga tamin'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra." Nanao hoe, "Koa ahoana no hanamelohanareo Ahy rehefa milaza Aho fa Izaho no Zanak'Andriamanitra?" Niaraka tamin'ny lalàn'izy ireo manokana, no Nanjairany azy ireo tanteraka. Eo ianareo izao. Hitanareo?

258 Ankehitriny dia aiza no misy antsika? Eo amin'ny andro farany isika. Ankehitriny dia henoy tsara ankehitriny.

259 Ankehitriny dia hitantsika fa hisy ady sy filazana ady. Ary ankehitriny dia hitantsika fa mamoaka ny rantsany ilay hazo

aviavy. Ary mamoaka ny rantsany ireo hazo hafa. Metodista, Batista, Presbyterana, sy ny rehetra, dia mamoaka ny rantsany, miseho ny fifohazana lehibe iray.

260 Ankehitriny dia mino aho fa eo am-panangonana ny Ampakarina Andriamanitra ho an'ilay ora farany, ilay Voafidy. Oh, oadray! Mariho ankehitriny.

261 Ndao isika hihevitra an'izay hitan'i Jaona ankehitriny, tamin'izay fotoana izay, ny amin'ireo zavatra izay hitany ireo. "Soavaly mena iray; ary mivoaka ny mpitaingina azy, nomena azy ny fahefana hamono miaraka amin'ny sabatra lehibe iray." Ankehitriny dia ity no fanambarako ny amin'izany. Io dia Satana, indray. Izany dia ny devoly, indray, ao amin'ny endrika hafa iray. Ankehitriny, fantatsika fa—fa ireo Tombokase dia nanambara . . . araka ny nolazaiko indray hariva. Ary ireo trompetra dia manambara ny—ny—ny—ny ady sivily, hitanareo, eo anivon'ny olona, eo anivon'ireo firenena. Fa hitanareo, eto, fa ity lehilahy ity dia manana sabatra iray, noho izany dia manambara ny adin'ny fiangonana, ara-politika izy. Ankehitriny mety tsy mihevitra an'izany ianareo, saingy diniho iray minitra fotsiny izany, minitra vitsy fotsiny.

262 Mariho ny fiovan'ny lokon'ireto soavaly ireto. Mpitaingina iray ihany; fiovan'ny lokon'ireo soavaly. Ary ny soavaly iray dia biby iray. Ary ny biby, ao amin'ny Baiboly, eo ambanin'ny mari-pamantarana iray, dia maneho hery iray. Ilay rafitra iray ihany no mitaingina eo ambonin'ny loko iray hafa, hery, avy tamin'ny fotsy tsy manan-tsiny mankany amin'ny mena toy ny rà. Hitanareo? Diniho izy ankehitriny, ahoana no ahatongavany.

263 Rehefa nanomboka voalohany izy, izy fotsiny dia, eny, foto-pampianarana kely fotsiny izy tao—tao, teo anivon'ny, nantsoina hoe Nikolaisma. Mazava ho azy, tsy hamono na inona na inona izany. Izany no Apokalypsy 2:6, raha te-handray naoty an'izany ianareo. Tsy hamono na inona na inona izy. Foto-pampianarana iray fotsiny izany, fanahy iray eo anivon'ny olona fotsiny. Ankehitriny, tsy hamono na inona na inona izy. Oh, tena tsy manan-tsiny izy, mitaingina eo ambonin'ity soavaly fotsy ity. "Eny, fantatrao, afaka manana fiangonana malaza iray eran'izao tontolo izao izahay. Afaka miantso azy hoe ny fiangonana maneran-tany izahay." Mbola miantso foana izy ireo. Eny àry. Hitanareo? Ankehitriny, "Izahay afaka mahazo . . . " Oh, tsy manan-tsiny tanteraka tokoa izany. Ary, oh, tena tsy manan-tsiny izany. "Vondron-dehilahy iray fotsiny izany. Hiaraka hivory izahay rehetra ho an'ny fiombonana." Hitanareo, tena tsy manan-tsiny izany; fotsy izany, izany ilay soavaly fotsy. Hitanareo?

264 Ankehitriny, noho izany ireo manan-kaja, sy ilay tsara akanjo, ary ilay nianatra, fantatrareo, karazan'ilay vorona mitovy volo, fantatrareo, "Izahay dia—izahay dia somary hanao

zavatra hiaraka. Ary io andiany mahantra io, nahoana, raha tehanohy hihosona izy ireo, eny, mety tsara, fa izahay—izahay—izahay dia hanana kilasy iray tsaratsara kokoa ho tonga ao amin'ny fiangonanay. Raha afaka manao ny tenanay hiala eto fotsiny izahay, izahay dia—izahay dia ho—izahay dia ho andiana franc-Maçons, na sy ny sisa, fantatrareo. Izahay dia—izahay dia hanao an'ireo zavatra hilamina fotsiny, na, Odd Fellows," araka ny maha-izy azy ireo. Ary noho izany àry. . . Tsy ilay Odd Fellow Lodge ankehitriny, fa fantatrareo izay tiako lazaina. Noho izany, dia mahatsikaiky izany ho an'ilay tena mpino. Ankehitriny, fa, raha tsy izany, amin'ny teny hafa dia, "Mila vondrona kely iray izahay, syndikà kely iray izay azonay antsoina hoe anay manokana." Foto-pampianarana iray fotsiny izany, tena tsy manan-tsiny. "Rahalahy, nahoana, tsy manana na inona na inona manohitra ny olona izahay, tsy izany tokoa. Mety tsara ianareo rehetra, saingy, fantatrareo, mahatsapa izahay fa—fa manana asa izahay ary ny tsirairay. . . Isika, ho tsaratsara kokoa ho antsika raha manao ny tenantsika hitambatra fotsiny." Hitanareo? Nitohy mihitsy izany tamin'ny farany hany ka nitranga ilay izy, eny, tompoko, lasa nitambatra.

265 Fa rehefa ity fanahy mahatsiravina, mamitaka ity (oh, ry lehilahy!) no nitsofoka, ho fanahy nitsofoka; lasa tafatsofoka ity fanahin'ny foto-pampianarana ity, mba haka ny toeran'i Kristy, tao anatin'ny lehilahy iray. Tsy maintsy ivavahana izy, noho izany, lasa ivavahana iray tahaka an'i Kristy. Amin'ny teny hafa, any Vatican any. . . Efa tany mihitsy aho. Izao no voasoratra hoe, "VICARIVS FILII DEI," ary voasoratra amin'ny isa Romana izany. Ankehitriny, manao tsipika iray eo ambanin'ireo isa Romana ireo fotsiny ianareo. Ary izany dia midika hoe, "Eo amin'ny toeran'ny Zanak'Andriamanitra." Izy, amin'ny teny hafa, izy dia vikera iray. Fantatrareo hoe inona ny vikera iray; maka ny toeran'ny zavatra iray fotsiny. Izy no vikera, "Eo amin'ny toeran'ny Zanak'Andriamanitra."

266 Ary hoy ny Baiboly hoe, "Aoka izay manana ny fanomezampahasoavan'ny fahendrena hanisa ny isan'ny bibidia, satria isan'olona izany. Ary ny isany dia enina amby enimpolo amby eninjato." Ankehitriny, raiso ny VICARIVS FILII DEI, ka manaova tsipika iray, miaraka amin'ny isa Romana; ny "V" ho an'ny dimy, ary ny "I" ho an'ny iray. . . Dia atambaro izany, ka jereo raha tsy mahazo enina amby enimpolo amby eninjato ianareo.

267 Hoy ny Baiboly hoe, "Hipetraka ao antempolin'Andriamanitra izy, hivavahana tahaka an'Andriamanitra." Rehefa lasa tafatsofoka iray io foto-pampianarana kely io, dia lasa vikera iray izy, "Eo amin'ny toeran'ny Zanak'Andriamanitra." Hitanareo? Oh, oadray! Io fanahy mahatsiravina, mamitaka io! Raha te-hamaky an'izany

ianareo, dia vakio ny Tesaloniana Faharoa 2:3, dia afaka mahita hoe aiza no misy an'izany.

268 Ary, mazava ho azy, ho tsaroanareo fa Satana no lohan'ny fahefana politika rehetra, an'ny firenena rehetra. Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Te-handray naoty an'izany ve ianareo? Matio 4:8, "Nitondra an'i Jesosy niakatra teny amin'ny tendrombohitra avo iray i Satana, ary naneho Taminy ny fanjakana rehetra an'izao tontolo izao, izay hany nisy na izay hany hisy, tao anatin'ny fotoana fohy." Miresaka ny amin'ny olona iray! Hoy izy hoe, "Homeko anao izy ireo, raha hanompo ahy ianao." Ary fantatr'i Jesosy fa Izy no ho lasa mpandova azy ireo.

269 Izany no lazain'izy ireo hoe, "Nahoana, ianareo andiana holy-rollers mahantra!"

270 Nahoana, isika no manana an'izao tontolo izao! "Ny malemy fanahy no handova ny tany." Izany no nolazain'i Jesosy. Hitanareo? Hitanareo?

271 Mariho, fantatr'i Jesosy fa Izy no ho lasa mpandova azy ireo, noho izany dia hoy Izy hoe, "Mialà ianao, ry Satana. Voasoratra hoe," niverina avy hatrany tamin'ny Soratra indray, hitanareo, "'Ny Tompo no hotompoinao, ary Izy irery ihany.'" Hitanareo?

272 Ankehitriny—ankehitriny rehefa—rehefa izy, satria lohan'ny demony, nitsofoka tao amin'ity lehilahy ambony, mpivavaka ity, araka ny lazain'ny Baiboly mialoha, amin'izay fotoana izay dia manakambana ny fiangonany sy ny fanjakany izy. Mikambana miaraka ny fahefany roa manokana. Hitanareo?

273 Rehefa nivoaka ilay fanahin'ny antikristy, dia fanahy iray izy. Avy eo dia lasa inona izy? Avy eo izy dia lasa . . . Diniho ankehitriny ity Tombokase ity. Rehefa nivoaka ilay fanahy, dia antikristy izy, manohitra ny fampianaran'i Kristy. Eny àry. Ny zavatra manaraka nataony . . . Izay napetrak'i Kristy mba hataon'Ny Fiangonany, Izany dia nanohitra ny fahotana. "Oh, tsy izany no dikan'Izany. Tsy io no dikan'Izany. Izany dia ho an'ny olon-kafa iray. Izany, tany amin'ny an-jato taonany lasa izany, tany aoriana tany. Izany, tsy ho antsika izany." Hitanareo? Izany, hitanareo, *anti*, "manohitra." Avy eo izy dia lasa . . .

274 Ankehitriny, nivoaka ilay mpitaingina, izy—tsy nanana satroboninahitra izy, fa nomena anankiray. Io soavaly fotsy io; nanana tsipìka iray izy, tsy nisy zana-tsipìka. Hitanareo? Koa noho izany dia nivoaka izy . . .

275 Avy eo, afaka kelikely, dia nomena satroboninahitra iray izy, satria tsy afaka mametraka satroboninahitra iray eo amin'ny lohan'ny fanahy iray ianareo. Fa, rehefa, lasa tafatsofoka ity fanahy ity tao amin'ny asa faharoa an'ny—an'ny fizarazarany mahagaga, ilay asa faharoa, dia lasa voaisy satroboninahitra izy, mpaminany sandoka, ho amin'ilay asan'ny fanahy antikristy.

Ankehitriny, mahita azy isika eo, ankehitriny. Ankehitriny dia lasa izany izy, rehefa mandray an'izany. Noho izany, izany izy, efa, Satana no mifehy ny fahefana politikan'izao tontolo izao.

276 Ankehitriny dia tonga eo amin'ny toerana iray izy hany ka hanao fahefam-piangonana maneran-tany, mandray fahefana ara-pivavahana. Ary tsy azonareo ve, ry rahalahiko, fa ao... Rehefa, ity firenena ity dia miseho ao amin'ny toko faha-13-n'ny Apokalypsy, nitsangana ity biby kely tahaka ny zanak'ondry iray ity. Ary manana tandroka roa izy, fahefana sivily sy ara-pivavahana, saingy nanao an'ilay zavatra iray ihany izay nataon'ilay bibidia talohany izy.

277 Hafahafa ilay izy, Amerika dia isa telo ambin'ny folo, ary vehivavy iray. Hafahafa ilay izy, izy aza dia miseho mihitsy ao amin'ny toko faha-13-n'ny Apokalypsy. Nanomboka tamin'ny tsipika telo ambin'ny folo isika eo amin'ny saina, kintana telo ambin'ny folo. Ny zavatra rehetra dia "telo ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, telo ambin'ny folo," hatramin'ny farany. Ny zavatra rehetra dia "vehivavy, vehivavy, vehivavy," hatramin'ny farany.

278 Ary izany amin'ny farany dia hiafara, (milaza mialoha an'izany aho), vehivavy iray hifehy azy. Tsarovy, telopolo taona lasa izay, no nilazako an'izany. Ary—ary ireo—ireo zavatra fito izay nolazaiko mialoha, dia ny dimy amin'izy ireo no efa niseho. Ary manana an'ilay lehilahy mihitsy izy ireo any ankehitriny hampiditra azy. Ary ianareo no mifidy an'izany, amin'ny alàlan'ny politikanareo any. Hia. Hah! Eny àry.

279 Tena betsaka ny ho lazaina, zara ianareo raha afaka ho tonga eo amin'izay tianareo hahatongavana. Mariho ankehitriny. Tsy hihazona anareo afa-tsy vetivety kely fotsiny aho, raha tsy maintsy hanohy rahampitso hariva.

280 Jereo. Mariho. Rehefa i Satana...Ankehitriny, ny olona rehetra, izay, mahafantatra fa i Satana no mifehy ny fahefana ara-politika rehetra an'izao tontolo izao. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izy no nilaza an'izany. Matio ny toko faha-4, no ahitanareo an'izany, ary ny andininy faha-8. Ny fanjakana rehetra dia azy. Izany no antony iadian'izy ireo, ady, mamono. Tsarovy ankehitriny.

281 Tsy hafahafa ve izany? Nomena an'ity sabatra ity izy ireo, mba hifamono. Oh, oh, oh, oadray! Mariho ankehitriny.

282 Ankehitriny, rehefa nanao an'io izy, tsy mbola nanana an'ilay fahefana ara-pivavahana izy. Fa nanomboka niaraka tamin'ny demony iray an'ny fampianarana sandoka izy. Ary lasa foto-pampianarana iray io fampianarana io. Lasa nitsofoka tao anatin'ny mpaminany sandoka iray io foto-pampianarana io.

283 Ary avy eo dia nankeo amin'ilay tena toerana fotsiny izy. Tsy nandeha nankany Isiraely mihitsy izy, ankehitriny. Nandeha nankany Roma izy; Nise, Roma.

284 Natao ilay filan-kevitra, ary nifidy lohan'ny eveka iray izy ireo. Ary tamin'izay fotoana izay, teo am-panaovana an'io, dia nakamban'izy ireo niaraka ny fiangonana sy ny fanjakana. Noho izany, dia nalatsany ny tsipìkany. Nidina niala tamin'ny soavaliny fotsy izy. Niakatra teo amin'ny soavaliny mena izy, satria afaka mamono ny olona rehetra izay tsy mifanaraka aminy. Io ny Tombokasenareo. Ilay olona iray ihany! Diniho izy manohy mandeha hatrany amin'ny Mandrakizay any, miaraka amin'izany, hitanareo, manakambana an'ireo fahefany roa miaraka.

285 Ilay zavatra iray ihany izay ezahan'izy ireo atao izao ankehitriny izao, zavatra iray ihany, amin'izao andro izao. Ary ny zavatra hafahafa, tsy azonareo angamba izany. Fa, androany, avy tamin'ny vondrona Batista iray any Louisville. . . Nandre an'izany teo amin'ny radio ianareo. Nitsangana ny mpiteny iray ka. . . Firy no nandre an'izany? Marina. Hitanareo? Eny àry, eto ianareo izao. Izy ireo dia mila, ary nangataka tao amin'ilay fiangonana ankehitriny, hoe, "Tsy voatery marina tokoa isika ny, oh, karazan'ny mikambana amin'ny fiangonana Katolika fotsiny, fa mila karazana fiombonana amin'izy ireo isika." Manana. . . Ary, amin'ny fotoana iray ihany izay isehoan'izany any Louisville, no anehoan'Andriamanitra eto an'ireo Tombokase amin'ny Olony, mba haneho an'izany hoe, "Aza manao an'izany!" Hitanareo ve ireo anankiroa miasa miaraka? Tsarovy, ny goaika sy ny voromailala dia nipetraka teo ambonin'ilay andry fihantonana iray ihany, tao anatin'ny sambofiara. Azo antoka. Tsarovy fotsiny.

286 Ankehitriny dia hitantsika, fa manakambana ny fahefany izy, noho izany, rehefa lasa sady fanjakana izy no fiangonana, ilay ara-pivavahana. Noho izany dia inona no hataonareo? Manamboatra ny fivavahany manokana izy. Ary ankehitriny dia afaka manao an'izay rehetra tiany atao izy. Amin'izay fotoana izay, dia manana zò hamono ho faty an'iza na iza izay tsy hifanaraka aminy izy. Izany marina tokoa no nataony, ihany koa. Ary nanao an'izany marina tokoa izy. Ary inona izy—izy . . . Nataony tamin'ireo olo-masina marina an'Andriamanitra velona izany, izay nitandrina ny Teny ka tsy nifanaraka taminy teo amin'ireo dogmany. Novonoiny ho faty izy ireo.

287 Ankehitriny, Rahalahy Lee Vayle, ary ianareo mpampianatra ny amin'ny taonan'i Nise sy ilay fiangonana voalohany eto, tsy fantatro na namaky an'ity ianareo na tsia. Raha tehamaky an'izany ianareo, dia raiso ny *Glorious Reformation* an'i Schmucker.

288 Dia hitanareo izany, fa, rehefa lasa pretra iray teo ambanin'ilay fiangonana Romana i Masindahy Augustin d'Hippone, nanana an'ilay fanararaotra, hany ka niezaka ho tonga teo aminy ny Fanahy Masina indray nandeha, fa nolaviny Izany. Firy no mahafantatra an'izany, amin'ny maha-

mpampianatra iray? Noho izany, dia nolaviny ny Fanahy Masina. Izany marina tokoa no, tandindona iray an'ny fiangonana Protestanta amin'izao andro izao, izay nandà ny Fanahy Masina. Izy dia niverina nankany amin'i Hippone, ary izy no ilay tena anankiray izay nanasonia an'izany, io taratasy io izay nanao hoe, "Ny fanambarana avy amin'Andriamanitra, hoe mety tsara ary mahafaly an'Andriamanitra, ny mamono ho faty ny olona rehetra izay tsy mino ny fiangonana Katolika Romana."

289 Henoy ankehitriny. Manonona avy ao amin'ny tantaran'ny maritiora aho, "Hatramin'ny andron'i—i Masindahy Augustin d'Hippone, hatramin'ny 1586," eo amin'ny tantaran'ny maritiora Romana, "dia namono ho faty Protestanta valo amby enimpolo tapitrisa ny fiangonana Katolika Romana." Mena ve ny sabany? Nitaingina soavaly mena ve izy? Inona izany? Ilay hery iray ihany; ilay mpitaingina iray ihany. Io ilay Tombokase. Manaiky izy ireo hoe, "valo amby enimpolo tapitrisa," eo amin'ny tantaran'ny maritiora, afa-tsy ireo rehetra izay novonoina ho faty ankoatran'io. Oh, mamindrà fo! Nandritr'ireo taona maizina, dia nisy an-tapitrisany no namahanana an'ireo liona, ary novonoina tamin'ny fomba rehetra, satria tsy niankohoka tamin'io dogma Katolika io izy ireo. Fantatrareo izany.

290 Manana fotoana firy ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Fotoana betsaka. Ny alina manontolo."—Mpand.] Eny àry. Mamelà ahy hamaky zavatra iray. Mamadiha miaraka amiko ankehitriny, mamelà ahy haneho zavatra iray aminareo. Ndao isika—ndao isika hampiseho an'ity zavatra ity, iray minitra fotsiny. Sendra tonga tao an-tsaiko mihitsy, ka hamaky fotsiny an'izany isika. Ndao isika hamadika ao amin'ny Apokalypsy, ao amin'ny toko faha-17-n'ny Apokalypsy. Mbola manana dimy ambin'ny folo minitra isika tavela. Eny àry. Ankehitriny dia henoy tena, tena tsara ankehitriny, raha mamaky isika. Ianareo izay manana ny Baibolinareo ka mamadika, dia hanome fotoana kely anareo fotsiny aho, mba hahitanareo azy.

291 Azonao ve izany, Lee? Tao amin'ny an'i Schmucker no nahitako azy, hitanareo, *Glorious Reform*, izay nosintonina avy hatrany avy tao amin'ny tantaran'ny maritioran'i Roma, tao Vatican.

292 Ankehitriny, izany dia hatramin'ny fanenjehana ny olon'i Masindahy Patrick. Nefa avy eo izy ireo dia miantso an'i Masindahy Patrick ho—ho olo-masin'izy ireo. Hah! Masindahy Patrick dia saiky tena Katolika tahaka ahy; ary fantatrareo hoe toy ny ahoana aho. Hitanareo? Izy—nankahala ny foto-pampianaran'ilay fiangonana izy. Nandà ny handeha hankany amin'ny papa izy. Eny, tompoko. Masindahy Patrick aza. . . Nahoana, ianareo, efa mba nandeha tany Irlande Avaratra ve ianareo, izay nananany an'ireo sekoliny? Fantatrareo, tsy Patrick no anarany. Firy no mahafantatra an'izany? Ny anarany dia

Sucat. Marina izany. Veriny ny anabavy keliny. Tsaroanareo rehefa izy ireo . . . Hitanareo? Eny àry.

293 Mariho ankehitriny, ny toko faha-17-n'ny Apokalypsy. Ankehitriny ny olona rehetra dia miezaha fotsiny hanokatra ny fonareo. Avelao ny Fanahy Masina hampianatra anareo ankehitriny.

> . . .*indro tonga* teo amiko *ny anankiray tamin'ireo anjely fito izay nanana an'ireo—nanana an'ireo lovia fito,* . . .

294 Ankehitriny, hitanareo, io ireo Lovia Fito. Fantatrareo, ireo fito ireo, raha eo am-panarahana isika, izy rehetra ireo dia mitranga amin'ny fotoana iray ihany; manaraka an'ireo Loza, manaraka an'ireo taom-piangonana, mitovy ihany, satria voaisy tombokase ao anatin'io Boky anankiray io izany rehetra izany, ny zavatra rehetra. Ary ny zavatra rehetra dia mitranga fotsiny mifanarakaraka; ny anankiray miditra ao amin'ilay hafa, sy ilay hafa, ary ilay hafa. Misy fanahy roa izay miasa; Andriamanitra, sy ny devoly. Hitanareo?

> . . .*izay nanana an'ireo lovia fito* farany, *ary* izy *niresaka tamiko, nanao hoe . . . Avia* aty; dia hasehoko anao . . .*aminao ny fitsarana an'ilay janga lehibe izay mipetraka eo ambonin'ny rano maro:*

295 Jereo eto ankehitriny, eto, hoe, "rano."

296 "Janga," inona izany? Vehivavy iray izany. Tsy mety ho lehilahy iray. Ary inona no mari-pamantaran'ny vehivavy ao amin'ny fiangonana, ao amin'ny Baiboly? Fiangonana. Nahoana? Ampakarin'i Kristy, sy ny sisa; hitanareo, vehivavy izany, ny fiangonana.

297 Ankehitriny, "rano," inona no dikan'izany? Diniho eto. Vakio ny andininy faha-15-n'izany eo.

> *Ary izy* nanao *tamiko hoe, Ireo rano izay hitanao, izay ipetrahan'ilay janga, dia olona, . . .vahoaka betsaka, . . . firenena, ary fiteny.*

298 Ity fiangonana ity dia nanapaka nanerana an'izao tontolo rehetra izao, hitanareo, "Nipetraka teo ambonin'ny rano maro."

> *Izay nanaovan'ireo mpanjakan'ny tany fijangajangana,* fijangajangana ara-panahy (mandray ny foto-pampianarany, foto-pampianarana Nikolaita), *ary ny mponina tamin'ny tany dia mamon'ny divain'ny* fijangajangany.

299 Ry tovolahy, miresaka ny amin'ny andiana mamolava iray ianareo, eo amin'izany! Ianareo . . .

> *Dia nentiny tao amin'ny fanahy nankany an-efitra aho: ary nahita vehivavy iray aho . . .*

300 Ary efa mba fantatrareo moa? Ireo soratry ny Katolika manokana no manaiky fa ny fiangonan'izy ireo io. Firy no mahafantatra an'izany? Ao amin'ny soratr'izy ireo manokana mihitsy. Izaho dia manana ny *Facts Of Our Faith*, izany no iantsoana azy, ankehitriny, hitanareo; an'ny pretra iray. Eny àry. Eny àry.

> Ary *dia nentiny tao amin'ny fanahy nankany anefitra aho: ary nahita vehivavy iray aho* nipetraka *teo ambonin'ny bibidia* mitafy *jaky, feno anarana fitenenan-dratsy, manana loha fito sy tandroka folo.*

301 Diniho fotsiny io ankehitriny, io mari-pamantarana io, ilay "loha fito." Ankehitriny dia hitanareo eto izay ilazana an'Izany, "Ary ireo—ary ireo—ary ireo . . . Ireo loha izay hitanao dia havoana fito izay ipetrahan'ilay vehivavy." Roma dia mipetraka eo ambonin'ny havoana fito. Hitanareo? Ankehitriny dia tsy misy fahadisoana mikasika an'izany, hitanareo, "Loha fito." "Ary ny tandroka folo," fantatrareo, dia ireo fanjakana folo, sy ny sisa.

> *Ary ilay vehivavy dia nitafy volomparasy . . . loko jaky, . . . niravaka* tamin'ny *volamena sy vato soa . . . perla, nanana kapoaka volamena iray teny an-tànany feno* fahavetavetana—fahavetavetan'ny *fahalotoan'ny fijangajangany:*

302 Io fanahy antikristy io, "fijangajangana," hitanareo, "fampianarana," io fanaovana fijangajangana nanohitra an'Andriamanitra io. Hitanareo? Ankehitriny, izy dia natao ho Ampakarina iray, hitanareo; nefa nanao fijangajangana. Hitanareo? Tahaka ny nataon'i Eva mihitsy, tahaka ny ataon'ilay fiangonana eo mihitsy. Hitanareo?

> *Ary eo ambonin'ny* lohany dia voasoratra, *anarana iray voasoratra hoe, ZAVA-MIAFINA, BABYLONA LEHIBE, . . .*

303 Ary ny olona rehetra dia mahafantatra fa, "BABYLONA" dia Roma.

> *. . . NY RENIN'NY MPIJANGAJANGA SY FAHAVETAVETANA AMIN'NY TANY.*

304 Ary henoy ny andininy faha-6.

> *Ary hitako ilay vehivavy* mamon'*ny ràn'ireo olomasina, sy ny ràn'ireo maritioran'i Jesosy: ary rehefa nahita azy aho, dia gaga indrindra.*

305 Zavatra iray tena tsara tarehy izy, niaraka tamin'ireo hazo fijaliana sy ny sisa teo amboniny! "Ahoana marina no ahafahany ho meloka amin'ny fahamamoana amin'ny ràn'ireo olo-masina?" Nahasanganehana azy izany. Ankehitriny dia hiteny aminy Izy.

> *Ary hoy ilay anjely tamiko hoe, Nahoana no gaga ianao?* Izaho dia *hiteny aminao ny zava-miafin'ilay vehivavy, sy . . . ny bibidia izay* mitondra *azy, . . .*

306 Ankehitriny, ity dia tsy eo ambanin'ny anankiray amin'ireo Tombokase. Zavatra hafa iray ity, hitanareo.

> Ary nilaza izy... *ireo loha fito sy* ireo *tandroka folo.*

> *Ny bibidia... izay efa hitanao dia teo, ary tsy eo; nefa hiakatra avy amin'ny lavaka tsy hita noanoa* (tsy manana fototra, ilay papa), *ary* ho *lasa any amin'ny fahaverezana: ary ireo izay monina* ambonin'*ny tany dia ho gaga, ireo anarana izay tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ny fiainan*'ny Zanak'ondry, (io ilay Voafidy, hitanareo), *fiainana hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao,...*

307 Ahoana, oviana no napetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaranareo? Tamin'ilay fifohazana izay natrehanareo ve? Tsia, tompoko. "Hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao."

> ... *rehefa* nijery *an'ilay bibidia izay teo,... tsy eo, nefa mbola ho avy.*

308 Hitanareo, "ny bibidia," ho faty ny anankiray, dia anankiray hafa no maka ny toerany. "Teo izy; tsy teo izy. Teo izy; tsy teo izy. Teo; tsy teo izy." Ary ho lasa avy hatrany any amin'ny fahaverezana izy, tahaka an'izany. Hitanareo? Eny àry.

> *Ary indro ny—ary indro ny hevitra* izay misy *fahendrena.*

309 Firy no mahafantatra fa misy sivy ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy, ka ny iray amin'izy ireo dia fahendrena? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry.

> *Ireo loha fito dia tendrombohitra fito, izay ipetrahan'ilay vehivavy.*

310 Oh, tsy maintsy ho jamba tanteraka ianareo, marenina ary moana, mba tsy hahazo an'izany. Hitanareo? Eny àry.

> ... *misy mpanjaka fito: efa lavo ny dimy, ary ny anankiray dia* (Néron), *ary*... anankiray dia ho *avy; ary rehefa tonga izy, dia tsy maintsy manohy fotoana fohy iray* fotsiny.

311 Tsaroanareo izay nataony. Nandoro an'ilay tanàna, ary nametraka an'izany teo amin'ireo Kristiana. Ary nametraka ny reniny teo ambonin'ny tsivalan-kazon-tsoavaly iray ary nitaritarika azy nanerana an'ireo làlambe. Ary nitendry lokanga, raha mbola may i Roma. Eny àry.

> *Ary ilay bibidia izay teo, ary tsy eo, izy mihitsy aza no fahavalo,...*

312 Roma mpanompo sampy, lasa Roma papaly. Rehefa lasa tafatsofoka ilay fanahy antikristy nitsofoka, ka nomena satroboninahitra, dia natao ho mpanjakan'ny Roma voaisy satroboninahitra izy, sady ao amin'ny fanjakana no fiangonana,

miaraka. Oh, rahalahy! Hitanareo, feno an'izany fotsiny ilay izy. Hitanareo?

> . . .*dia*. . .*ilay* fahafito, *ary* izy *dia mandeha*. . . (Hafiriana no aharetany? Tsy manova an'ilay rafitra mihitsy izy ireo.) . . .mankany *amin'ny fahaverezana.*

> . . .*ireo tandroka folo izay hitanao dia mpanjaka folo, izay tsy mbola an'ireo* fanjakam-panjaka *akory; fa mandray fahefana ho toa mpanjaka ora iray miaraka amin'ny bibidia.*

313 Ireo mpanao didy jadona izany, hitanareo, mazava ho azy. "Miray saina izy ireo." Ankehitriny, jereonareo eto. Ary miresaka ny amin'ny kominisma izy ireo. Hitanareo?

> *Miray saina izy ireo, ary hanome ny fahefany sy ny heriny ho an'ilay bibidia.*

> *Hanao ady amin'ny Zanak'ondry izy ireo, ary ny Zanak'ondry handresy azy ireo: satria izy no Tompon'ny* tompo, *sy Mpanjakan'ny mpanjaka: ary ireo izay momba azy dia antsoina hoe,* . . .*voafidy, sy mahatoky.*

> *Ary izy* nanao *tamiko hoe, Ireo rano izay hitanao, izay ipetrahan'ilay janga, dia olona,* . . .*vahoaka betsaka,* . . . *firenena, ary fiteny.*

> . . .*ireo tandroka folo izay hitanao eo ambonin'ilay bibidia, izy ireo no hankahala an'ilay janga,* ary tapaka io fifanekena io. . .(Niresaka ny amin'izany aho omaly hariva.) . . .*ka hahatsinontsinona sy hampitanjaka azy, sy hihinana ny nofony, ary handoro azy amin'ny afo.*

314 Tsy fantatrareo ve fa ny Baiboly dia milaza fa ireo mpandranto, sy ny zavatra hafa rehetra, dia nanao hoe, "Indrisy, indrisy, ilay tanàna lehibe! Ahoana fa ora iray monja no nahafoana azy!" Hitanareo?

> *Fa Andriamanitra* efa *nametraka tao am-pon'ireo hanatanteraka ny sitrapony, sy hifanaraka, ka hanome ny* fanjakany ho an'*ilay bibidia, mandra-pahatanteraky ny* tenin'*Andriamanitra.*

> . . .*ilay vehivavy izay hitanao dia tanàna lehibe, izay manjaka amin'ny mpanjakan'ny tany* rehetra.

315 Mitenena amiko anankiray. Tsy Rosia no manjaka amin'ny rehetra. Tsy isika no manjaka amin'ny rehetra. Mpanjaka anankiray ihany no manjaka amin'ny rehetra. . . tahaka an'ilay vy an'i Nebokadnezara izay nandeha tao amin'ny tsirairay avy tamin'ireo rantsan-tongotra. Roma izany. Tsy manao an'izany amin'ny maha-firenena iray i Roma; manao an'izany amin'ny maha-fiangonana iray izy. Ny firenena rehetra eto ambanin'ny lanitra dia an'i Roma.

316 Tsy mahagaga raha hoy izy ireo hoe, "Iza no afaka hiady aminy?" Afaka milaza izy hoe, "Fiadanana," [Manapoapoaka indray mandeha ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] dia milamina hatreo izany. Raha ny Katolika rehetra no manao hoe, "Izany dia hoe, 'Aza miady,'" dia—dia tsy miady izy ireo. Izay ihany. "Iza no mahay manao an'izay azony atao?" Tsy misy olona. Marina izany. "Noho izany dia gaga tamin'ireo fahagagana izay azony atao izy ireo." Afaka mampijanona ady izy. [Manapoapoaka indray mandeha ny rantsan-tànany Rahalahy Branham.] Ny zavatra tokana tsy maintsy hataony dia ny milaza fotsiny hoe, "Mijanòna." Izay ihany. Saingy mihevitra ve ianareo fa hanao an'izany izy? Tsia tokoa.

317 Mariho, azo antoka fa izany dia maneho hoe, "Hifamono izy ireo. Samy hifamono izy ireo." Tsy manana zana-tsipìka ny tsipìkany, tany amin'ny voalohany, fa ny "sabany lehibe" dia nanana. Nanao ny famonoany izy, taty aoriana, ary niova avy tamin'ny soavaly fotsy nankany amin'ny soavaly mena; ilay iray ihany, marina tokoa, devoly, miaraka amin'ny sabany.

318 Inona no nolazain'i Jesosy? Hoy Jesosy hoe, "Izay mandray sabatra no ho levona amin'izany." Aza mamaly ady. Hitanareo? Jesosy, tamin'io alina io rehefa niteny Izy, no nilaza an'izany, ary nandray ny sabany i Petera. Hitanareo? Manaova fotsiny tahaka ny Nataony, manohiza fotsiny.

319 Ankehitriny, tsarovy ankehitriny, nanana sabatra iray izy. Mandroso izy, sabatra iray no eny an-tànany; mitaingina, soavaly mena, miroboka ao amin'ny ràn'ny olona rehetra izay tsy mifanaraka aminy.

320 Azonareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Firy no mahazo hoe inona io Tombokase io ankehitriny? ["Amena."] Eny àry. Ankehitriny, inona no nolazain'i Jesosy? "Izay mandray sabatra dia ho levon'ny sabatra." Marina ve izany? Eny àry. Eny àry. Ity mpitaingina ity sy ny olon'ny fanjakany rehetra izay namono nanerana an'ilay taona, izay nanala an'io rà rehetra an'ireo maritioran'ny olo-masina io, dia ho vonoina amin'ny Sabatr'i Jesosy Kristy rehefa tonga Izy. "Izay mandray sabatra dia ho vonoina amin'ny sabatra." Nandray ny sabatry ny dogma sy antikristy izy ireo, ka namono an'ireo tena mpivavaka, marina, nanerana an'ireo taona rehetra, hatramin'ny, eny, an-tapitrisany. Ary rehefa tonga Kristy miaraka amin'ny Sabatra, satria izany dia Ny Teniny izay miloaka ny Vavany, dia hamono ny fahavalo rehetra izay misy eo Anoloany Izy. Mino an'izany ve ianareo? "Hamono an'ilay fahavalo."

321 Ndao isika handeha eto iray minitra fotsiny, Apokalypsy. Ho hitantsika ankehitriny raha izaho fotsiny no milaza an'izany, na ny Teny no milaza an'izany. Apokalypsy 19:11.

*Ary nahita ny lanitra nisokatra aho* (amena), *ka indro nisy soavaly fotsy iray; ary izay nipetraka* teo *aminy dia antsoina hoe Mahatoky sy Marina, ary amin'ny fahamarinany* no *nitsarany sy niadiany.*

*Ny masony dia . . .* lelan'*afo, ary eo amin'ny lohany . . . satroboninahitra maro; . . .*

322 Oh, rahalahy! Hitanareo, efa voaisin'ireo Olo-masiny satroboninahitra Izy, hitanareo.

*. . . ary nanana anarana iray voasoratra izy, izay tsy misy olona mahafantatra, afa-tsy . . . ny tenany.*

323 Tsarovy, isika—isika dia tsy afaka, tsy mahafantatra an'izany isika, hitanareo, hoe inona izany. "Ary izy dia nitafy . . . " Ndao jerentsika.

*Ary izy dia nitafy akanjo voatsoboka tamin'ny rà: ary ny anarany dia antsoina hoe* (tsy hoe "dia," fa "nantsoina") *Ny Tenin'Andriamanitra.*

324 Satria, Izy sy ny Teny dia iray ihany. Hitanareo? Mariho ankehitriny, tsy hoe "Ireo anarany." Ah-hah! "Ny Anarany dia nantsoina hoe 'Tenin'Andriamanitra.'" Anarana anankiray ihany no fantatra; tsy misy anarana hafa.

*Ary ny tafiky* ny lanitra, *izay any an-danitra dia nanaraka azy teo ambonin'ny soavaly fotsy, nitafy rongony madinika, fotsy sy madio.* (Izany no fahamarinan'ireo olo-masina. Hitanareo?)

325 Diniho ankehitriny. Inona no nolazain'i Jesosy? "Izay mandray sabatra . . . " Eny àry, mpitaingina soavaly mena, eo no ahatongavany. "Izay mandray sabatra . . . " Mety efa namono valo amby enimpolo tapitrisa tamin'izy ireo ianareo, nanerana an'ireo taona ireo, hatramin'io; angamba mihoatra. Fa hoy Jesosy hoe, "Izay mandray sabatra dia ho levona amin'izany." Diniho.

*Ary avy amin'ny vavany dia misy sabatra maranitra mivoaka, . . .*

326 Hebreo, ny toko faha-4, nanao hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra dia maranitra noho ny sabatra roa lela, manindrona hatrany amin'ny tsokan'ny taolana mihitsy aza." Ary inona no ataon'Izany, ny Teny, ataony? "Izy dia Mpamantatra ny fisainan'ny fo." Marina.

*. . . avy amin'ny vavany no mivoaka ny maranitra* roa lela *. . . sabatra maranitra iray, izay hamelezany ny firenena: ary izy no hanapaka azy ireo amin'ny tehimby: ary manitsaka ny famiazan-divain'ny firehetan'*ny *fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha.*

*Ary izy dia* nanana *teo amin'ny lambany sy ny fehiny anarana voasoratra iray hoe, MPANJAKAN'NY* MPANJAKA, *SY TOMPON'NY TOMPO.*

327 Tahaka an'ireo mpisoloky, manohitra ny Tenin'Andriamanitra, ary satria tsy hifanaraka izy ireo, ary ity zavatra ity. . . Satana dia nametraka, nanakambana ny fahefana politika izay nazoniny, sy ny fahefana ara-panahy izay nazoniny, miaraka, ka nanao fiangonana iray izay mitsofoka ao amin'ny firenena tsirairay. Ary nametraka an-tapitrisany sy an-tapitrisany izy. . . rehefa avy nitsambikina niala tamin'ny soavaliny fotsy, nankeo amin'ny soavaliny mena, ka nandray ny sabany ary lasa.

328 Fa hoy Andriamanitra hoe, "Miaraka amin'ilay Zavatra iray ihany izay navadiny, na niezahany navadika, tamin'ny alàlan'ny fampianarana sandoka iray; dia io Teny iray io ihany no hitsangana amin-kery, hivoaka avy eo amin'ny molotr'i Jesosy Kristy, ka hamono azy, sy ny zavatra rehetra eo Anoloany." Amena.

329 Io ilay Tombokase Faharoa. Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, oadray! Izany no HOY NY TOMPO HOE. [Mifaly fatratra ny fiangonana.] Ho an'Andriamanitra ny dera! Raha ireo fanambarana hafa rehetra, sy ireo fahitana, ary ny zavatra rehetra, no tena nahakasika marina tokoa teo amin'ilay—teo amin'ilay faritra! Ary firy no mahafantatra an'izany? Atsangano ny tànanareo. An-jatony, ny olona rehetra eto, miaraka amin'ny tànany mitsangana. Marina izany. Ho toy izany koa Ity! Tsarovy, tahaka an'izany ilay izy. Oh, ry sakaiza!

> Mankanesa eo amin'ilay Loharano izay feno Rà,
> Nosintonina avy amin'ny làlan-dràn'Imanoela;
> Rehefa nitsoboka tao ambanin'ilay riaka ny mpanota,
> Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.

330 Avia, minoa Azy, raha tsy mbola nino mihitsy ianareo. Aza maka risika; aza, aza, raha misy zavatra iray ao amin'ny fiainanareo, ry sakaiza.

331 Eto isika. Misy zavatra natao hitranga. [Mandondòna inefatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy fantatro hoe nahoana. Tsy fantatro hoe rahoviana. Fantatro izay hitranga, saingy tsy fantatro hoe rahoviana no hitranga izany. Saingy tsy maintsy hisy izany, satria eo am-panambarana an'izany Izy izao ankehitriny izao. Tsy manao na inona na inona Izy raha tsy mampahafantatra an'izany Izy. Amosa 3. Mampahafantatra an'izany Izy, aloha. Ary Izy no nampanantena fa ireo zavatra ireo dia ho tonga amin'ny andro farany. Ary ny taom-piangonana fahafito, eo amin'ny fiafaran'izany, rehefa tonga ilay iraka, dia eo no hisy izany. Ho voambara izany, ho voambara ireo Tombokase novahana ireo, ary indro eto Izy ireo. Ankehitriny, amin'ny Anaran'ny Tompo izany. Minoa an'Izany, ry sakaiza. Eny, tompoko. Mivoaha avy ao Babylona!

332 Te-hilaza zavatra iray aho alohan'ny hamaranana. Satria, manana aho...eo amin'ny sivy sy sasany mihitsy aho. Izao ankehitriny izao mihitsy no ora.

333 Izaho sy Billy, rehefa nidina an'ilay fiaramanidina izahay, tany Inde, ny dianay farany tany. Nijery aho teo amin'ny—ny gazety iray izay nentin'izy ireo, izay voasoratra tamin'ny teny Anglisy. Ary izao no voalaza hoe, "Tsy maintsy tapitra ilay horohorontany; miverina ireo vorona." Avy eo dia nanome an'ireo antsipiriany ilay izy. Izy ireo...Nisy zavatra hafahafa nitranga tany.

334 Inde dia tsy manana an'ireo fefy vy tahaka ny ananantsika. Maka vato izy ireo, ary manao ny fefin'izy ireo. Ary manorina ny maro amin'ny tranony avy amin'ny vato izy ireo, mampifampitaingina azy ireny fotsiny any. Ary mafana any, manerana, oh, na aiza na aiza, saiky mihitsy, any Inde, raha tsy hoe any ambony any an-tendrombohitra any ianareo. Ary manerana an'i Calcutta rehetra sy ny sisa, dia mitsìtra eo amin'ireo làlambe ny olona, matin'ny hanoanana, sy ny sisa.

335 Ankehitriny, noho izany, ary manorina ny tranony ao amin'ny tilikambo izy ireo, ho tranon'izy ireo. Izy ireo dia manao an'ilay—ilay fefy eto mihitsy, eo amin'ny sisin-tranony. Manorina an'ilay tilikambo ho an'ny tranony, ary tilikambo iray angamba izay anaovan'izy ireo ny fantsakany. Mangady an'izany ho an'ny biby fiompiny sy ny sisa izy ireo, avy eo dia manao ny fefiny manodidina.

336 Ary, tampoka teo, dia nisy zavatra iray nanomboka nitranga. Ireo voron-kely, fantatrareo, dia miditra ao anatin'ireo vato ireo, ary manorina ny akaniny sy mitaiza an'ireo zanany kely. Ary nisy zavatra iray nanomboka nitranga.

337 Isan'andro, rehefa manomboka mafana ny andro, dia tonga manodidina ny biby fiompy ary mitsangana eo ambanin'ny alok'ireo rindrina ireo; mitady hatsiatsiaka.

338 Ary ireo voron-kely rehetra dia mipetraka ao anatin'ireo toerana ireo. Ary, tampoka teo, ireo voron-kely rehetra ireo, nohon'ny antony iray tsy fantatra...Ankehitriny, fantatrareo izay nolazaintsika indray andro mikasika an'ireo voron-kely. Hitanareo? Antony tsy fantatra iray, dia nanidina izy rehetra. Ary lasa izy ireo, ka tsy niverina tao amin'ny akaniny. Nandeha nankany an-tsaha izy ireo, ary nipetraka tao amin'ireo hazo, ary na taiza na taiza no nahafahan'izy ireo, na teo amin'ny tany avy hatrany.

339 Tsy te-hanatona ny biby fiompy. Tsy te-hanatona ny ondry. Nijanona avy hatrany tany an-tsaha izy ireo, ary nifaneritery. Izany no fomba tsara hatao. Fantatr'izy ireo fa hisy zavatra hitranga.

340 Avy eo, tampoka teo, dia niseho ny horohorontany iray, ary nandrodana an'ireo rindrina, nirodana ireo fefy, sy ny zavatra hafa rehetra.

341 Avy eo dia nanomboka niverina ireo voron-kely. Tsy niverina izy ireo nandritry ny telo na efatra andro; avy eo dia nanomboka niverina. Hoy izy ireo hoe, "Eny, tsy maintsy tapitra ireo horohorontany ankehitriny; miverina ireo vorona."

342 Nahoana? Tsy mino ve ianareo fa ilay Andriamanitra iray ihany izay afaka nanao an'ireo vorona sy biby fiompy ary ondry ireo, tamin'ny andron'i Noa, niditra tao anatin'ilay sambofiara, dia mbola Izy no ilay Andriamanitra iray ihany izay afaka manao azy ireo hanidina ho an'ny fiarovana? Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

343 Ankehitriny dia mamelà ahy hilaza zavatra iray, ry rahalahy. Misy zavatra natao hitranga. Ireo rindrina goavana rehetra, ara-pivavahana tranainy ireo dia hirodana, ary hiverina any avy hatrany, ka hifanaraka. Satria, hanao an'izany izy ireo, azo antoka tahaka ahy mitsangana eto. Misy ny "sary iray an'io bibidia io," azo antoka tahaka ahy mitsangana eto mihitsy; ary nandray an'izany ity firenena ity, araka ny Tenin'ny Tompo. Henoy, rehefa tsapanareo io fihetseham-po kely, hafahafa io, dia mialà lavitra an'ireo rindrina ireo. Mialà! Ho faty ao anatiny ao ianareo. Aza manao an'izany! Mivoaha avy ao amin'izany! Mialà amin'io karazan-javatra rehetra io! Mandosira ho an'ny fiarovana, haingana mihitsy arak'izay vitanareo. Mangataha famindrampo amin'Andriamanitra.

344 Aza maka fotsiny, anankiray hoe, "Eny, ny reniko dia Metodista, ka tokony ho izany koa aho. Ny papako dia Batista; ho izany aho." Aza manao an'izany. Ianareo aza—aza maka risika.

345 Tsy ahoako na toa tsotra sy manetry tena toy ny ahoana aza Izany; Izany no Tenin'ny Tompo. Mandosira mankany amin'i Jesosy Kristy haingana mihitsy arak'izay vitanareo, ary mijanòna eo mandra-pamenon'Andriamanitra anareo Ny Fanahiny Masina. Satria ho tonga ny ora izay hitadiavanareo an'Izany, fa tsy ho eo Izany. Noho izany, manàna antoka ny hanao an'izany.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika, vetivety fotsiny.

346 Ray any An-danitra, oh, izaho—izaho fotsiny, matetika, Tompo, dia mitsangana eto ary—ary mangovitra aho. Mieritreritra an'io ora mahatsiravina izay manatona io aho, ka izaho . . . Tsy misy fomba hampijanonana an'izany. Efa voalaza mialoha fa ho tonga izany. Ary nieritreritra aho hoe, "Nahoana ny olona no tsy tonga ka—ka—ka mihaino? Ary tsy ho tonga izy ireo ka hanaiky an'Izany?" Fa, mazava ho azy, fantatro fa—fa Ianao—Ianao no nilaza fa tsy ho avy izy ireo, noho izany dia tsy ho avy izy ireo.

347 Fa misy sasany izay manana ny anarany voasoratra eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry. Ary rehefa natao nisokatra ireo Tombokase eo ireo, dia mahita ny anarany eo izy ireo, ary miresaka amin'izy ireo ny Fanahy Masina. Tonga izy ireo. Tsy afaka manakana azy ireo Ianao; tsy misy anankiray afaka, tsy misy anankiray. Tonga izy ireo, na ahoana na ahoana, satria Ianao no mitarika azy ireo tahaka ny Nataonao tamin'ireo voron-kely, sy ny ondry ary ny biby fiompy ireo. Andriamanitra Ianao! Misy fanamboloana iray izay ananan'ireo biby ireo, ka fantatr'izy ireo fa tsy maintsy miala izy ireo! Ary raha ny fanamboloana, ho an'ny biby iray, no afaka nampitandrina azy handositra ny loza, dia inona no hataon'ny Fanahy Masina amin'ny Fiangonana iray izay milaza fa fenon'Izany!

348 Andriamanitra, mamindrà fo aminay. Mamelà anay rehetra, Tompo, ny amin'ny tsirambinay. Tsy fanahy inianay ny mitsangana eto amin'ity polipitra ity ka mamela an'ireto olona ireto hitsangana manodidina ny rindrina, ary marary ny ranjon'izy ireo, nefa avy eo dia hiala fotsiny ka hanao hoe, "Eny, toa tena tsara izany." Tompo, te-hanao zavatra mikasika an'izany izahay. Izahay, tianay Ianao hizaha ny fonay. Raha misy zavatra tsy mety ao, Tompo, dia ampahafantaro anay ankehitriny. Azafady aza mamela anay ho tonga eo amin'io ora io, any, izay efa tara loatra. Zahao aho. Zahao toetra aho, Tompo.

349 Indro, mitsangana eto aho nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, nahita an'ireo Tombokase ireo nivaha tany, ary tonga, miteny amin'ny olona. Nefa, Ianao no nilaza mialoha fa ho tahaka an'izao no hitrangany, herinandro maro lasa izay. Ary ankehitriny, Ray, eto Izany, eto anatrehanay mihitsy.

350 Ankehitriny, Tompo, zahao toetra aho. Zahao aho. Zahao aho, ato am-poko. Tompo, izahay tsy . . . Izahay, tianay Ianao handinika ny fiainanay. Ary raha misy zavatra ao anatiny ao, izay tsy tsara, dia teneno aminay fotsiny izany, Tompo. Te-hanao an'izany hahitsy izahay, izao ankehitriny izao; izao ankehitriny izao, raha mbola misy Loharano iray feno Rà, raha mbola misy ny—ny fanalana tasy iray izay afaka manadio ny fahotanay sy ny tsi-finoanay. Te-handroboka ny fanahinay ao ambanin'izany izahay; ny tsi-finoanay rehetra. Andriamanitra, vonjeo amin'ny tsi-finoanay; esory aminay izany, Tompo.

351 Te-hahazo ny fahasoavan'ny fampakarana izahay. Tianay ny ho afaka, rehefa mikotroka io Kotrokorana mahagaga io any, ka akarina ilay Fiangonana, te-ho vonona handray an'Izany izahay. Tompo, ekeo izany.

352 Zahao toetra izahay, Tompo, amin'Ny Teninao. Aoka izahay handinika an'Izany. Ary raha hitanay fa tsy nahomby izahay . . . Ary raha misy amin'ireo eto, Tompo, izay natao batisa tamin'ny

titra; tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny tena batisa, marina! Enga anie aho ho mahatoky tahaka an'i Paoly . . .

353 Rehefa nandalo tany amin'ilay morontsiraka ambonin'i Efesosy izy, ka nahita an'ireo mpianatra niantsoantso, sy nihiakiaka, ary nanana fotoana iray be voninahitra. Hoy izy tamin'izy ireo hoe, "Efa noraisinareo àry ve ny Fanahy Masina fony ianareo vao nino?" Tsy fantatr'izy ireo na nisy izany. Hoy izy hoe, "Koa ho amin'ny inona no nanaovana batisa anareo?" Ary izy ireo dia efa nataon'ilay mpaminany lehibe, masina batisa, saingy natao batisa ho amin'ny fibebahana fotsiny ihany izy ireo. Noho izany dia natao batisa indray izy ireo, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary i Paoly no nandidy azy ireo mba hatao batisa, indray.

Tompo, ao amin'ny Hazavan'Ny Teninao!

354 Mandidy ny olona rehetra aho, izay tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, mba handeha haingana hankeo amin'ny rano, haingana mihitsy, raha mbola manana anjara iray ianareo.

355 Ianareo izay tsy mbola fenon'ny Fanahy Masina; mandidy anareo aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, mianjerà amin'ny lohalikareo. Ary aza mitsangana raha tsy manamasina anareo marina tokoa ny Fanahy Masina ka mameno anareo amin'ny Fitiavany sy ny fahatsarany; mandra-pahatongan'ny fanahinareo ho tena afa-po ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ka ny fanirianareo manontolo dia ny hanompo Azy sy handeha ho Azy, sy hiasa miaraka Aminy, amin'ny sisa rehetra amin'ny fiainanareo.

356 Ekeo izany. Mivavaka aho mba hanomezan'Andriamanitra anareo an'izany fanerena izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy

Tena tianareo marina tokoa ve Izy? Ankehitriny ataovy ambony ny tànanareo.

Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

357 [Manomboka misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.] Raha misy anankiray mipetraka, izay mahatsapa ny ilainy izao hariva izao, mahatsapa fa mila ny hatao batisa izy ireo, na mila ny batisan'ny Fanahy Masina. Ianareo no mahafantatra izay ilainareo; efa voambara taminareo izany, ka te-ho tsarovana ao amin'ny vavaka ianareo. Tsy misy anankiray aminay afaka hanome anareo an'Izany. Oh, afaka manao batisa anareo izahay. Saingy, ny zavatra tokana, dia tsy afaka manome anareo ny Fanahy Masina izahay. Andriamanitra no manao an'izany, irery. Fa ianareo no nahatsapa ny ilainareo,

hoe miresaka amin'ny fonareo Andriamanitra, ka mila an'Izany ianareo, ary tianareo izahay hahatsiaro anareo ao amin'ny vavaka. Hitsangana ve ianareo, mba ahafahanay mahafantatra anareo, mahafantatra hoe iza ianareo? Andriamanitra hitahy anareo. Ilaina iray? Ny Tompo hitahy anareo.

358 Ataoko fa misy dimampolo amby zato, angamba, mitsangana eto. Angamba tahaka an'izany ilay izy, raha afaka mahita ny rehetra aho. Tsy fantatro izay ao anatin'ireo efitra, sy manodidina any ivelany, mihazona ny tànany mitsangana, sy ny sisa. Fa manana ilaina ianareo.

Ankehitriny dia ndao isika hivavaka.

359 Ankehitriny, ianareo izay mahita an'ireo olona izay mitsangana eo akaikinareo. Ary mitsangana izy ireo ho vavolombelona iray, eo anatrehan'i Kristy hoe, "Izaho—izaho—mila Anao aho, Tompo. Mila Anao aho. Izaho—matoky aho fa izaho dia—izaho dia isan'ireo hahita ny anarako izao hariva izao ao ambadik'io Tombokase any io, izay napetraka Teo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Nisy zavatra nandona ny foko, ka mitsangana aho, Tompo. Izaho ve izany? Miantso ahy ve Ianao? Tiako Ianao hanambara, amiko, fa Ao ny anarako. Fenoy aho, ary asio tombokase ao amin'ny Tenanao, amin'ny Fanahy Masina." Ianareo izay efa voaisy tombokase, dia tiako ianareo hitsangana. Mitodiha mankany amin'izy ireo, ary apetraho eo amin'izy ireo ny tànanareo, mba hivavaka ho azy ireo. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Ankehitriny dia aoka ho tso-po tanteraka mihitsy. [Manomboka mivavaka ny fiangonana manontolo.]

360 Ray any An-danitra, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, aoka ny Fanahy Masina lehibe hihetsika eo amin'ity mpanatrika ity, tahaka ny rivotra mifofofofo, ka hiantso ny fo tsirairay eto, Tompo. Ary ampidino ny batisan'ny Fanahy Masina, ho eo amin'ireto olona ireto.

Ary misy rano miandry ao.

361 "Raha mbola niteny an'ireo teny ireo i Petera, dia nilatsaka teo amin'ireo izay nandre ny Teny ny Fanahy Masina, ary feno ny Fanahy Masina izy rehetra."

[Manohy mivavaka ny fiangonana manontolo—Mpand.]

*Ny Tombokase Faharoa* MAG63-0319
(The Second Seal)
Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Talata hariva, 19 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org